# FIANAKAVIANA MIORINA TSARA

**ETO AMIN'NY TONTOLO ANJAKAN'NY TEKNOLOJIA**

## Inona no atao hoe tontolo VUCA?

| | |
|---|---|
| Na dia miovaova aza izao tontolo izao, | dia miroso hihoatra ny tahotra isika. |
| Na dia toa tsy azo antoka aza ny zava-misy, | dia ambarantsika ny fahamarinana lalina kokoa. |
| Na dia sarotra aza ny lalana, | dia tsy miova ny tari-dalana arahintsika. |
| Na dia toa manjavozavo aza ny zava-drehetra, | dia miorina tsara ao amin'ny toky azo antoka isika. |

**Matokia an'Andriamanitra, ilay Vatofantsikao:**

**"Fa tsy nomen'Andriamanitra fanahy osa isika, fa fanahy mahery sy fitiavana ary fahononan-tena." - 2 Tim. 1:7**

imprimerie adventiste

HERINANDRO FIARAHA-MIVAVAKA HO AN'NY FIANAKAVIANA
6-12 SEPTAMBRA 2026

# FIANAKAVIANA MIORINA TSARA

## ETO AMIN'NY TONTOLO ANJAKAN'NY TEKNOLOJIA



Departemantan'ny Fiainam-pianakaviana
Fivondronambe Ranomasimbe Indianina

# FIANAKAVIANA MIORINA TSARA

## ETO AMIN'NY TONTOLO ANJAKAN'NY TEKNOLOJIA

### Inona no atao hoe tontolo VUCA?

| | |
|---|---|
| Na dia miovaova aza izao tontolo izao, | dia miroso hihoatra ny tahotra isika. |
| Na dia toa tsy azo antoka aza ny zava-misy, | dia ambarantsika ny fahamarinana lalina kokoa. |
| Na dia sarotra aza ny lalana, | dia tsy miova ny tari-dalana arahintsika. |
| Na dia toa manjavozavo aza ny zava-drehetra, | dia miorina tsara ao amin'ny toky azo antoka isika. |

Ny 2 Tim. 1:7 no mamaritra ny maha-isika antsika:

***"Fa tsy nomen'Andriamanitra fanahy osa isika, fa fanahy mahery sy fitiavana ary fahononan-tena."***

## Fizahan-takila


3 Fampidirana

6 Fototra ara-Baiboly

8 Rafitry ny fanaovana mpianatra

9 Rafitra isan'andro ho an'ny "**VUCA**"

11 **ALAHADY**: Miorina amin'ny fahatokiana

16 **ALATSINAINY**: Miorina amin'ny fanehoana ohatra

22 **TALATA**: Miorina amin'ny fanatrehana

27 **ALAROBIA**: Miorina amin'ny fahaiza-manavaka ny soa sy ny ratsy

32 **ALAKAMISY**: Miorina amin'ny laharam-pahamehana

38 **ZOMA**: Miorina amin'ny fankasitrahana

43 **SABATA**: Miorina ao amin'ny Sabata

## FAMPIDIRANA

# MIORINA TSARA AMIN'NY TENIN' ANDRIAMANITRA

### Mamboly ny firaisan'ny fianakaviana ao anatin'ny tontolo miovaova sy tsy azo antoka

Miaina eto amin'ny tontolo iray mandeha haingana kokoa noho izay azon'ny fanahintsika arahina isika. Vidim-piainana tsy marin-toerana, hoavy tsy azo antoka, fihaikana sarotra atrehina, ary tontolo ara-pitondrantena manjavozavo no manery ny fianakaviantsika amin'ny lafiny rehetra. Ao anatin'izany zava-misy efa mikorontana izany, dia mbola tonga koa ny fidiran'ny tontolo nomerika tsy mitsahatra — ireo fampandrenesana izay manembantsembana ny fifantohantsika, ny algoritma izay mamolavola ny faniriantsika, ary ny efijery izay matetika misolo toerana ny fifampiresahana momba ny zava-masina teo aloha. Eo amin'ny latabatra fisakafoana, any amin'ny efitra fatoriana, eny fa na dia mandritra ireo fotoana mangina fanaovan'ny mpianakavy fotoam-pivavahana aza, dia mifaninana hisarika ny fon'ireo olona tiantsika indrindra ny tabataban'izao tontolo izao.

Ity herinandro fiaraha-mivavaka ho an'ny fianakaviana ity dia manasa antsika mba hiato sy haka aina ary hiverina. Tsy hiverina amin'ny lasa izay eritreretina sy nofinofisina ho tsara kokoa noho ny ankehitriny, fa hiverina amin'ny Tenin'Andriamanitra mandrakizay, izay vatofantsika nampiorina tsara ny vahoakany tao anatin'ny tafio-drivotra rehetra teo amin'ny tantara. Hoy ny mpanao Salamo: "*Fanilon'ny tongotro sy fanazavana ny lalako ny teninao.*" – Sal. 119:105. Ao anatin'ny Tontolo VUCA, dia tsy fampiononana fotsiny ny Soratra Masina fa tena ivon'ny fiainana mihitsy. Izy no manoro lalana antsika rehefa miova ny zavatra rehetra, mampiorina antsika rehefa mihorohoro ny tany, ary maneho mazava izay tena manan-danja rehefa mihamaro ny feo henontsika.

Ny fianakaviana no fitoerana masina voalohany naorin'Andriamanitra, nokendreny ho toerana hikolokoloana ny finoana, hanorenana ny maha-isika antsika, ary hanehoana fitiavana. Kanefa tsy misy fianakaviana tonga amin'izay tena manandanja araka ny kisendrasendra. Mitaky finiavana ny fiorenana tsara amin'ny lafiny ara-panahy — amin'ny alalan'ny fotoam-pivavahan'ny mpianakavy, ny fifampiresahana malalaka, ny vavaka mafana, ary ny fotoana masina tsy voaelingelin'ny efijery. Rehefa miara-mivory manodidina ny Tenin'Andriamanitra ny ray aman-dreny sy ny zanaka, dia manorina faharetana izay tsy hain'ny algoritma ravana.

Mandritra ity herinandro natokana hampaherezana ny fianakaviana ity, andeha haverintsika ho tany masina ny tokantranontsika. Andeha hampanginintsika tanteraka ny tabataba rehetra mba handrenesantsika ny feon'Andriamanitra. Andeha isika hampianatra ny zanatsika — amin'ny alalan'ny ohatra asehontsika — fa tsy ao amin'ny hazavan'ny efijery no ahatsapana ny tena fitiavana sy ny maha-isan'ny vondrona iray, fa ao amin'ny fanatrehan'ny Mpamonjy sy ao amin'ny fifamihinan'ny mpianakavy.




Ho mahery sy mahatoky hatrany anie isika!

Departemantan'ny
Fiainam-pianakaviana

**Willie sy Elaine Oliver, Talen'ny Departemantan'ny fiainam-pianakaviana**

Foibe Maneran-tanin'ny Fiangonana Advantista
Mitandrina ny Andro Fahafito

**Mpamolavola ny boky:**

# Maijo Roth



I Maijo Roth, teratany Arzantina, dia tale misahana departemantan'ny fiainam-pianakaviana sy ny departemanta miadidy ny ankizy any amin'ny Fivondronamben'ny Fiangonana Advantista any Espaina. Mpampianatra, mpiasa sosialy ary psikology izy, ary eo am-pamaranana ny "doctorat" momba ny Fanabeazana, mifantoka amin'ny fampandrosoana feno ny ankizy sy ny tanora araka ny fomba fijery ara-panabeazana nentin'i Ellen White. Manambady an'i Daniel Bosqued, talen'ny Oniversite Advantista any Sagunto, Espaina, izy, ary manan-janaka vavy roa efa zatovo izy mivady, dia i Amy sy Amber. Ahafantarana an'i Maijo Roth ny famolavolany sy ny fanoratany loharanon-kevitra mitondra fanavaozana eo amin'ny fanabeazana sy ny fanohanany ny fianakaviana. Eo koa ny fahaizany mitarika ao anatin'ny fihainoana sy fiheverana ny hafa sy ny fijery mivelatra ary ny fanoloran-tena lalina ho an'ny fanabeazana advantista.

# FOTOTRA ARA-BAIBOLY

Ny Herinandro fiaraha-mivavaka ho an'ny fianakaviana "**VUCA**" dia miorina amin'ny faharesen-dahatra iray: Mety ho miovaova, tsy azo antoka, saro-takarina ary manjavozavo izao tontolo izao, fa tsy toy izany kosa ny maha-izy ny mpino.

**Ny fototra ara-Baiboly dia miorina amin'ny :**

| | | |
|---|---|---|
| ALAHADY | Dan. 1:8 | Fahatokiana ao anatin'ny tontolo feno fanoherana |
| ALATSINAINY | 1 Tim. 4:12 | Fahefana miorina amin'ny fanehoana ohatra |
| TALATA | Lio. 10:38–42 | Ny laharam-pahamehan'ny fanatrehana |
| ALAROBIA | 1 Mpanj. 3:9 | Fahaiza-manavaka eo anivon'ny toe-java-tsarotra |
| ALAKAMISY | Mat. 6:25–34 | Fametrahana laharam-pahamehana |
| ZOMA | Fil. 4:4 | Fifaliana miorina amin'ny fankasitrahana |
| SABATA | Eks. 20:8 | Ny Sabata, mamaritra ny maha-isika antsika sy ny fahafahana |

## ARAKA NY BAIBOLY, DIA MANAMAFY ISIKA FA:

- Asa ara-panahy ny fanorenana ny toetra.
- Tsy fitaovana fe fitaovana fotsiny ny teknolojia fa misy fiantraikany amin'ny fon'olombelona.
- Mbola manan-kery ao anatin'ny kolontsaina nomerika ny fahendrena ara-Baiboly.
- Tafiditra ao anatin'ny maha-mpianatr'i Kristy ny fomba ampiasantsika ny fotoanantsika sy ny fifantohantsika ary ny fitaovana samihafa ampiasaintsika.

## NY IRAKA AMPANAOVINA NY FIANAKAVIANTSIKA

Ny fiovana anaty ao amin'ny ankohonanao dia tokony hifantoka amin'ny:

- Toetra miorina tsara
- Fifehezan-tena
- Fahaiza-manavaka
- Fahaizana manorina fifandraisana lalina
- Fankasitrahana
- Fomba fiaina mahasalama

## NY VINANTSIKA ARA-PANAHY

Ny mba hahatonga ny fianakaviana tsirairay hahavita hilaza hoe: "Tsy andevon'ny algoritma izahay. **Zanak'Andriamanitra izahay**."

Mino isika fa:

- Ny Fanahy Masina no mamolavola ny fahaizana mifehy tena.
- Ny fankatoavana dia ateraky ny fitiavana.
- Ny maha-izy ny olona no mialoha ny fitondrantenany.
- Asan'ny finoana ny fitsaharana.
- Endri-piankohofana ny fankasitrahana.

Ny tanjona dia ny hiaina amim-pahendrena eto amin'izao tontolo izao, fa tsy ny hihataka tanteraka aminy.

## RAHA FINTININA IZANY:

Mamolavola fo izay mahay miaina ao anatin'ny **TONTOLO VUCA** nefa miorina tsara.

# RAFITRY NY FANAOVANA MPIANATRA

Mandritra ity fiaraha-mivavaka ity dia handray lesona avy amin'ireto ianao:

- Ny Baiboly
- Ireo foto-kevitra ara-panabeazana hita ao amin'ny asa soratr'i Ellen White
- Ireo fikarohana ara-tsiansa momba ny fiarahamonina

Ary handinika indray ny fahatakaranao momba ny kolontsaina nomerika sy ny fiainam-pianakaviana.

Ao anatin'ny tontolon-kevitry ny "VUCA", ny andro tsirairay avy dia:

- Manaraka ireo tantara ara-Baiboly izay mandrisika ho be herim-po.
- Manala sarona ireo fanontaniana saro-baliana izay mampitombo ny fahatsiarovan-tena.
- Manome tari-dalana izay manoro ireo foto-kevitra ara-panabeazana.
- Milaza ny asa atao amim-panoloran-tena mba hamolavolana fahazarana mahasalama.

Tolo-kevitra hanampy ny fianakavianao amin'ny FANOVANA NY KOLONTSAINA NOMERIKA AO AN-TOKANTRANONAO izany.

## NAHOANA?

Satria, raha tsy isika no manao dingana hamehy sy hamolavola ny kolontsaina nomerika, dia izy no hamolavola antsika:

- Ny kolontsaina nomerika dia mamolavola ny toetra na dia tsy mikasa hanao izany aza isika.
- Ny efijery dia misy fiantraikany amin'ny maha-izy ny olona sy ny fifantohany ary ny fifandraisany amin'ny hafa.
- Maro ny ray aman-dreny mahatsapa fanerena ara-tsosialy sy mahatsiaro manirery eo amin'ny fanapahan-kevitra raisiny.
- Mila olon-dehibe tsy miovaova hevitra sy manakaiky azy ny ankizy eo amin'ny fiainany.
- Mila manorina fianakaviana matanjaka ny fiangonana, fa tsy mpampiasa teknolojia tompon'andraikitra fotsiny.

## AMIN'NY FOMBA AHOANA?

Amin'ny alalan'ireo andry telo amin'ireo foto-kevitra ara-panabeazana hita ao amin'ny asa soratr'i Ellen White:

- Fifandraisana aloha vao fitsipika.
- Maha-izy aloha vao fitondrantena.
- Fiarahamonina aloha vao ny tsirairay.

Tsy manome tsiny isika

**FA MITADY FANOVANA EO AMIN' NY FAMPIASANA NY TEKNOLOJIA**

## INONA ÀRY?

• Ireo tantara ara-Baiboly no hatao fitaratra.

• Fanontaniana mampisaintsaina, fa tsy fankatoavana an-jambany.

• Hetsika azon'ny mpianakavy tanterahina.

• Fifanarahana sy fifanekena aseho mazava.

• Fomba fiaina mitohy na aorian'ity herinandro ity aza.

Tsy mikendry ny hanasazy isika

**FA TE HANABE**

FOTO-KEVITRA FOTOTRA 7 HO AN'NY FAMPIASANA AMIMPAHENDRENA NY EFIJERY

# RAFITRA ISAN'ANDRO HO AN'NY "VUCA"

### 1. FAHATOKIANA

**Ny maha-izy ao anaty no mialoha ny fanehoan-kevitra etỳ ivelany.**

• Fahatsapana ho anisan'ny vondrona iray aloha vao fitsipika.

• Fahaizana mifehy tena aloha vao fifehezana avy any ivelany.

• Fileferana mangingina amin'Andriamanitra, izay mampiorina ny fiainana feno fahatokiana eo imason'ny olona.

• Fahafahana avy amin'ny fahafantarana hoe: "Iza aho?"

"Ny fahatokiana ampahibemaso dia avy amin'ny fanoloran-tena atao amin'ny mangingina."

### 2. FANEHOANA OHATRA

**Toetra tsy miovaova sy hentitra izay manorina ny fahefan'ny ray amandreny.**

• Fifandraisana aloha vao fametrahana fitsipika.

• Fanehoana ohatra aloha vao fitakiana.

• Fifandraisana tsara eo amin'ny mpianakavy aloha vao fananarana.

• Fiarahamonina izay manohana ny fanapahan-kevitra feno herim-po.

"Miteny lavitra kokoa noho ny fitsipika apetrakao ny fiainanao."

### 3. FANAKAIKEZANA SY FIHAINOANA

**Finiavana hanorina fifandraisana.**

• Fifandraisana aloha vao fanitsiana.

• Fahaiza-mihaino sy fifantohana izay mampiseho fitiavana.

• Fotoana iarahana tsy misy fanelingelenana.

• Toerana sy fotoana arovana.

“Izay itoeran’ny fifantohanao no itoeran’ny fitiavanao sy ny fonao.”

**4. FAHAIZA-MANAVAKA**

**Fahatsiarovan-tena hoenti-mahatakatra ny tontolo nomerika.**

• Fitsipika aloha vao fanjifana.

• Mieritreritra vao manapa-kevitra.

• Miato mba hahita mazava ka tsy handray sy hino zavatra tsy voasivana.

• Aoka ho olona mahay mandinika fa tsy mpanara-drian-drano fotsiny.

“Ny fahendrena dia tsy ny fahalalana zavatra maro, fa ny fahaiza-manavaka ny tsara sy ny ratsy.”

**5. LAHARAM-PAHAMEHANA**

**Mandamina ny fotoana araka izay zavatra omena tombambidy.**

• Ny tena manan-danja aloha vao ny maika.

• Mamolavola tontolo iray izay manorina ny toetra.

• Ireo fefy miaro ny olona tiantsika.

• Fandaminana sy fahazaram-piainana mipetrapetraka fa tsy fandaniana ny fotoana rehetra amin’ny teknolojia.

“Izay ataonao ho laharam-pahamehana no mamolavola ny maha-ianao anao.”

**6. FANKASITRAHANA**

**Fampitodihana ny fo ho amin’ny fahasoavana sy ny iraka.**

• Miaina avy amin’izay efa noraisinao, fa tsy amin’izay mbola tsy anananao.

• Ny fampitahana ovana ho zava-manan-danja sy tanjona.

• Fanaovana ny efijery ho fitaovana mitondra fitahiana.

• Toe-tsaina manome mialoha ny toe-tsaina tia manjifa.

“Ny fankasitrahana dia manova ny mpanjifa ho olona manana tanjona.”

**7. NY SABATA, MAHA-ISIKA ANTSIKA SY FOMBA FIAINA**

**Fahafahana sy fitsaharana**.

• Maha-izy miorina ao amin’Andriamanitra.

• Fitsaharana izay manavao ny fanahy.

• Fefy izay mitondra fahafahana.

• Fanoherana ny kolontsain’ny fampiasana tafahoatra ny teknolojia sy ny fitaovana nomerika.

“Ny fitsaharana dia tsy fisarahana amin’ny fiainana, fa fifandraisana indray amin’izay tena manan-danja.”

**ALAHADY**

**LOHAHEVI-DEHIBE**: I Daniela tany Babylona

**VAKIO**: Dan. 1

# MIORINA AMIN'NY FAHATOKIANA

"*Ary Daniela ninia tao am-pony tsy handoto ny tenany*"- Dan. 1:8

**HO AN'NY FOTOAM-BAVAKY NY MPIANAKAVY**: pejy 12
**FIANARANA FANAMPINY HO AN'NY RAY AMAN-DRENY**: pejy 13

## NY HERIM-PO TSY NISEHOSEHO NANANAN'I DANIELA

Alao sary an-tsaina i Daniela mijoro eo anoloan'ny lapa goavana iray. Nidanadana ny varavarana, namirapiratra ny rindrina, lava dia lava ireo lalantsara. Nifamezivezy ireo mpanompo, nameno ny tontolo ny mozika, manitra sady betsaka ny sakafon'ny mpanjaka. Toa niantsoantso mafy ny zavatra rehetra hoe: "Lehibe i Babylona! Mahery i Babylona! Ity no fiainanao vaovao!"

Kanefa tsy i Daniela no nifidy izany toerana izany. Tsy izy no nifidy io sekoly io. Tsy izy koa no nifidy ity mpanjaka ity. Na ny anarany vaovao aza dia tsy izy no nifidy izany. Lavitra dia lavitra ny tranony. Toa nihozongozona ny tontolony. Ao anatin'ny tontolo miovaova sy tsy azo antoka, dia mety ho feno korontana, tsy azo antoka, manahiran-tsaina ary saro-takarina ny fiainana. Tsy maintsy nifidy fomba fiaina iray i Daniela.

Tian'i Babylona hianatra ny fiteniny i Daniela, tiany hihinana ny sakafony koa. Tian'i Babylona hitondra tena tahaka ny olon-drehetra i Daniela, kanefa nisy zavatra fantatr'i Daniela lalina tao am-pony: "An'Andriamanitra aho."

Tonga koa ny sakafon'ny mpanjaka. Alao sary an-tsaina ireo vilia mamirapiratra, ny zava-pisotro mamy samihafa, ireo sakafo mirentirenty. Angamba ireo zatovo hafa nibanjina izany sady nitsiky. Toa valisoa sy fahombiazana no fahitana izany, ary toa tsy mampidi-doza no fijery azy.

Kanefa i Daniela dia nahita mihoatra noho ny sakafo, nahita safidy izy. Avelany hamolavola ny fony ve i Babylona? Sa Andriamanitra no hotsaroany voalohany?

Hoy ny Baiboly: "*Ary Daniela ninia tao am-pony*" – Dan. 1:8. Midika izany fa efa nanapa-kevitra tao am-pony i Daniela, ao amin'izay tsy misy mahita afa-tsy Andriamanitra irery ihany.

Tsy niantsoantso izy na nirehareha. Tsy niady tamin'ireo mpanompo izy. Be herim-po i Daniela, nefa tsy nisehoseho izany herim-pony izany. Nangataka ny hitondrana azy tsy tahaka ny fitondra ny hafa izy, nefa nataony tamin'ny fomba feno fanajana izany.

**Azon'Andriamanitra omena fo toy izany isika. Fo manaiky an'Andriamanitra alohan'ny hahatongavan'ny fanerena. Fo izay mahalala hoe: "Zanak'Andriamanitra aho."**

Ankehitriny, dia mety hanao izay hamolavolana ny fontsika koa ny efijery, ny lalao samihafa, ny horonantsary, ny "j'aime", ary ny fironana samihafa. Mampahatsiahy antsika i Daniela fa matetika ny safidy feno herim-po dia manomboka mangina. Efa hitan'Andriamanitra ny fontsika na dia tsy mbola misy mahita aza. Tahaka ny jiro kely mazava ao anatin'ny haizina, dia afaka ny hazava koa ny safidy mangina iray. Rehefa mifidy an'Andriamanitra mangingina isika, dia manomboka mazava eo imason'ny olona ny fiainantsika.

ANGATAHO

**FOTOAM-BAVAKY NY MPIANAKAVY**

Miaraha mandohalika ary mivavaha hoe: "Tompo ô, omeo fo manetry tena ny fianakavianay mba hifidy Anao alohan'ny zavatra rehetra, na dia mafy aza ny fanerena. Amin'ny anaran'i Jesosy, amena."

SAINTSAINO

| **Nanjary nampatahotra sy nahavery hevitra ny manodidina an'i Daniela:** | **Andriamanitra no nanampy azy hahafantatra izay tokony hataony.** |
|---|---|
| **MIOVAOVA**: Rava ny trano fonenany, nentina ho babo izy. | **MIATRIKA**: Manampy antsika ho be herim-po amin'ireo safidy ataontsika Andriamanitra. |
| **TSY AZO ANTOKA**: Fiteny vaovao, kolontsaina vaovao, fanjakana vaovao. | **AMPAHAFANTARINY**: Ampahafantarin'Andriamanitra ao amin'ny Teniny ny marina. |
| **SAROTRA**: Fanerena avy amin'ny lafiny rehetra. | **TARI-DALANA**: Asehon'Andriamanitra ny lalana marina, amin'ny alalan'ny fitokiana Azy. |
| **MANJAVOZAVO**: Mitoera ho mahatoky, miaraha miaina amin'ny hafa. | **TOKY**: Hoy Andriamanitra: "Ahy ianao; hiaro anao Aho." |

Na dia ao anatin'ny tontolo miovaova sy tsy azo antoka aza, ny fo izay milefitra tanteraka amin'Andriamanitra dia mifidy ny Lalany - be herim-po, tsara fanahy, feno fahendrena ary mahatoky, ka tsy manan-tahotra na baikon'ny fientanam-po.

IFANAKALOZY HEVITRA

1- Vakio ny Dan. 1:8.

2- Tsipiho ny teny hoe: "**ninia tao am-pony**."

3- Anontanio ny tenanao:

• Miharihary ve ny fahatokiako, sa mangingina?


• Iza amin'ireo safidy nomerika ataoko no miova rehefa misy olona mijery ahy?

NAHOANA?

Manao izany isika satria ny fitiavan'Andriamanitra no toerana azo antoka ho an'ny fontsika. Rehefa fantatsika fa Azy isika, dia irintsika ny hifidy izay mahafaly Azy. Afaka miantehitra Aminy isika ary mahatsapa ny fitiavany isan'andro. **An'Andriamanitra aho, ka ny fitiavany no manampy ahy hanao safidy tsara, na dia irery aza aho**.

MANAPAHA HEVITRA

**FAMPIASANA HO AN'NY MPIANAKAVY**: **fandinihana ny fo**



Mitadiava taratasy kely ary asio sary fo kely eo amboniny. Apetraho eo akaikin'ilay fitaovana nomerika ampiasainao indrindra izany. Mandritra ny 24 ora, alohan'ny hanokafanao izany, dia miatoa ary mivavaha hoe: "Jesosy ô, tariho ny foko." Aza mandefa zavatra mba hitadiavana "j'aime". Aza mijery zavatra izay mahatonga anao hanadino fa an'Andriamanitra ianao. **Rehefa hatory, dia aoka hifanontany isika hoe**: **Iza no nanapaka ny foko androany?**

FIANARANA FANAMPINY HO AN'NY RAY AMAN-DRENY:

# MIORINA AMIN'NY FAHATOKIANA

**Ny foto-kevitra anio**:
Fo milefitra tanteraka

**Ny teny fikasana ho an'ny ankohonanao anio dia tsotra sady feno fanantenana**:

Afaka mianatra mifidy an'Andriamanitra alohan'ny hahatongavan'ny fanerena ny fianakavianao.

Ny fitsipika momba ny fampiasana ny efijery dia tsy fefy fotsiny; fa fanazarana tsikelikely atao ho an'ny fo. Rehefa tsaroan'ny ankizy hoe: "An'Andriamanitra aho", dia afaka mitombo tsikelikely sy amim-pitiavana ary amim-pahasahiana ny safidy feno fahendrena — na dia tsy misy olona manara-maso aza ao antokantranonareo isan'andro.

## I. MIROSO HIHOATRA NY TAHOTRA AO ANATIN'NY TONTOLO MIOVAOVA

Niaina tao anatin'ny tontolo miovaova sy tsy azo antoka i Daniela: miovaova, satria rava i Jerosalema ary niova tampoka ny fiainany; tsy azo antoka, satria niatrika fiteny vaovao sy kolontsaina vaovao ary fanjakana vaovao izy; sarotra, satria voahodidin'ny fanerena ara-politika sy ara-pivavahana izy; ary manjavozavo, satria tsy maintsy nitoetra ho mahatoky izy nefa tsy niala tamin'izao tontolo izao na nanjary tahaka an'i Babylona.

Zava-dehibe ho an'ny ray aman-dreny izany satria miaina ao anatin'ny tontolo tahaka izany koa ny zanatsika. Ny efijery, ny fironana samihafa, ny feo isan-karazany reny ary ny fanerena dia mety hiezaka hamolavola ny fitiavany sy ny finoany ary ny safidiny. Mampianatra antsika i Daniela fa tsy any ivelan'ny tokantrano no misy ny ady voalohany, fa ao am-po.

Milaza ny Dan. 1:8 fa "*ninia tao am-pony*" izy mba tsy handoto ny tenany. Tao amin'ny mangingina no niandohan'ny herim-pony. Talohan'ny fizahan-toetra teo imason'ny besinimaro dia efa natolony an'Andriamanitra ny fony.

Izany no fahalalana fototra tokony hampitaina amin'ny zanatsika: rehefa an'Andriamanitra ny fo, dia mihamatanjaka ny safidy.

**AIZA NO ANAPAHANA NY FAHATOKIANAO ANIO: EO IMASON'NY BESINIMARO, SA AO AMIN'NY MANGINGINA?**

## II. MANAMBARA NY FAHAMARINANA LALINA AO ANATIN'NY FOTOANA MAMPISALASALA

Vakio miadana ny Dan. 1:8. Miatoa eo amin'ny teny hoe: "*ninia tao am-pony*." Tsy niandry ny fotoan-tsarotra ho tonga i Daniela vao nifidy an'Andriamanitra.

Ny hoe "alohan'ny hahatongavan'ny fanerena" dia midika hoe anio — alohan'ny hametrahan'ny zanakao fanontaniana, alohan'ny hanaovan'ny namana fampitahana, alohan'ny hahatsapana ho meloka, alohan'ny hahatongavan'ny havizanana izay mandrisika anao handray finday, ary alohan'ny hahatonga ny efijery ho valiny mora indrindra.

ANGATAHO ANDRIAMANITRA IZAO ANKEHITRINY IZAO MBA HANAMPY ANAO HAHALALA NY FONAO: Inona no mitarika ny safidiko? Inona ny zavatra tsy ataoko raha tsy rehefa eo imason'ny olona? Ny fanapahan-kevitra mangina raisiko anio dia mety ho tonga lesona ho an'ny zanako rahampitso.

## III. TARI-DALANA TSY MIOVA NA SAROTRA AZA NY LALANA

Tsy tahotra no nitari-dalana an'i Daniela, fa ny fahatahorana an'i Jehovah. Ny hoe "matahotra an'Andriamanitra" dia tsy midika hoe mandositra Azy. Midika izany fa tsapatsika eo amin'ny fiainantsika ny maha-Andriamanitra an'Andriamanitra sy ny toetsika eo anatrehany. Andriamanitra no ivon'ny zava-drehetra fa tsy izaho. Mahita lavitra noho izay hitako Izy, ary lehibe noho ny fahatakarako ny Fitiavany.

Ny fo milefitra tanteraka dia mianatra izao fahamarinana izao: tsy izay rehetra iriko no mahasoa ahy. Mila fetra ny fahafahana. Tsy henatra ny fankatoavana fa fitokisana. Zava-dehibe izany ao an-tokantrano satria, amin'ny maha-ray aman-dreny anao, dia tsy mametraka fitsipika momba ny fampiasana ny efijery fotsiny ianao fa mitarika ny fon'ny zanakao ho eo amin'Andriamanitra koa.

Ireo foto-kevitra ara-panabeazana avy amin'ny asa soratr'i Ellen White dia mampahatsiahy antsika fa ny fanabeazana marina dia manomboka amin'ny fitiavana sy ny fifandraisana. Nanoratra i Ellen White hoe: "*Ny fitiavana, izay fototry ny famoronana sy ny fanavotana, no fototry ny tena fanabeazana marina*." – Fanabeazana Kristianina, t. 10. Izany dia manampy antsika hahatakatra fa tsy ny fitsipika feno fangatsiahana, na ny tahotra, na koa ny fanaraha-maso tsy an-kijanona no tena mamolavola ny ankizy. Tsy izany, fa ny fifandraisana feno fitiavana, ny fitarihana amim-paharetana ary ny fifandraisana velona amin'Andriamanitra no mamolavola azy ireo.

Tsy nilaza hoe "tsia" i Daniela satria nisy nijery azy. Nilaza hoe "tsia" izy satria fantany fa an'Andriamanitra izy. Toetra toy izany no tiantsika hivelatra ao ampon'ny zanatsika.

Matetika ny efijery no mibitsika hoe: "Jereo ity. Ampitahao amin'ny hafa ny tenanao. Asehoy fa mendrika ny tenanao. Alefaso izao dieny izao." Fa ny fo milefitra amin'Andriamanitra kosa mianatra miato ary manontany hoe: "Hitondra ahy hanakaiky kokoa ny toerana tian'Andriamanitra hisy ahy ve izao? Mitady hisarika ny sain'ny olona ve aho, sa miaina fiainana misy heviny sy tanjona? Manome haja an'Andriamanitra sy ny hafa ve izao?"

Izany no dikan'ilay hoe: "An'Andriamanitra aho aloha, izay vao misafidy." Rehefa fantatry ny ankizy hoe: "Zanaka malalan'Andriamanitra aho," dia afaka manomboka manao safidy mifanaraka amin'izany maha-izy azy izany izy.

Ny tanjonao dia tsy ny hifehy fotsiny ny fampiasan'ny zanakao ny efijery avy ety ivelany, fa ny hanampy azy hampivelatra tari-dalana na tondro avaratra ao anatiny, izay miorina tsara amin'i Jesosy.

NY FAHATOKIANA EO IMASON'NY HAFA DIA TERAKA AVY AMIN'NY FILEFERANA MANGINGINA AMIN'ANDRIAMANITRA.

## IV. TOKY MAFY ORINA EO ANIVON'NY FISALASALANA

Ny fanazaran-tena ho an'ny anio dia antsoina hoe ILAY ASA TSY HITA MASO. Tsy fitsapana hanaporofoana ny toe-panahinao izany, fa fomba kely iray hampiharana ny fileferana amin'Andriamanitra rehefa tsy misy mahita ianao.

Mandritra ny 24 ora manaraka, aoka ianao no hanomboka hanao izany fa tsy ny zanakao. Alohan'ny hanokafanao ny fitaovana nomerika fampiasanao indrindra, dia miatoa ary angataho i Jesosy hitarika ny fonao. Misafidiana tsy hanao ranty mba hahazoana sitraka amin'ny hafa, tsy hijery na hamaky zavatra izay mampihen-danja ny maha-zanak'Andriamanitra anao, ary tsy hampiasa ny efijery handosirana ny fiantsoany mangina. Mianatra amin'ny safidy ataonao ny zanakao rehefa tsy misy olona mahita anao.

**ANIO HARIVA, MANONTANIA TENA HOE: IZA NO NANAPAKA NY FOKO ANDROANY, REHEFA TSY NISY OLONA NIJERY?**

## MIORINA AMIN'NY FAHATOKIANA

Afaka nanova ny anaran'i Daniela i Babylona, saingy tsy afaka nanova ny fony. Anio, ampioreno ao amin'izao fahamarinana izao ny zanakao: rehefa an'Andriamanitra ny fo, dia mitoetra mafy ny maha-izy azy ny olona iray, na dia ao anatin'ny tontolo miovaova sy tsy azo antoka aza.

**ALATSINAINY**

**LOHAHEVI-DEHIBE**: I Timoty

**VAKIO**: 1 Tim. 4:12–16

# MIORINA AMIN'NY FANEHOANA OHATRA

"*Aoka tsy hisy olona hanao tsinontsinona anao noho ny hatanoranao; fa aoka ho tonga fianarana ho an'ny mino hianao amin'ny fiteny, amin'ny fitondrantena, amin'ny fitiavana, amin'ny finoana, amin'ny fahadiovana*." - 1 Tim. 4:12

**HO AN'NY FOTOAM-BAVAKY NY MPIANAKAVY**: pejy 17

**FIANARANA FANAMPINY HO AN'NY RAY AMAN-DRENY**: pejy 18

## FIAINANA MANOME LANJA NY ASA MIHOATRA NOHO NY RESAKA

Mangina ny efitrano rehefa mandroso i Timoty. Re ny feon'ny kapa mamindra amin'ny tany sy ny olona mikohaka. Miandrandra mba hijery ireo zokiolona. Misy fijery feno hatsaram-panahy, misy koa ireo mbola misalasala. Mbola tanora i Timoty, ary fantatry ny rehetra izany.

Midobodoboka mafy ny fony. Angamba manontany tena izy hoe: "Hihaino ahy ve izy ireo?" Toa lehibe ny efitrano. Toa iva ny feony. Kanjo tsaroany ny tenin'i Paoly, toy ny tanana napetraka teo an-tsorony: "*Aoka tsy hisy olona hanao tsinontsinona anao noho ny hatanoranao; fa aoka ho tonga fianarana ho an'ny mino hianao amin'ny fiteny, amin'ny fitondrantena, amin'ny fitiavana, amin'ny finoana, amin'ny fahadiovana*." - 1 Tim. 4:12.

Tsy nilaza tamin'i Timoty i Paoly mba hiseho ho antim-panahy kokoa. Tsy nilaza izy hoe: "Ataovy mafy kokoa ny feonao," na hoe: "Ataovy izay hanajan'ny olona anao." Tsy izany, fa nomeny torohevitra tsara lavitra i Timoty: "Aoka ho fianarana."

Midika izany fa afaka mitarika amin'ny alalan'ny fiainany i Timoty. Afaka maneho fahalemem-panahy ny teniny. Afaka maneho herim-po ny asany. Ny fitiavany dia afaka manampy ny olona hahatsapa fa tsy lavitra i Jesosy. Alohan'ny hampianaran'i Timoty, dia afaka mampianatra amin'ny alalan'ny safidy ataony izy.

Miaina ao anatin'ny tontolo miovaova sy tsy azo antoka isika. Mety toa tsy azo antoka, mahavery hevitra, mihazakaza-dava ary saro-takarina ny fiainana. Miova ny drafitra efa natao. Velona ny efijery, maneno ary miantso antsika hifantoka aminy. Mety hisarika ny masontsika sy ny fontsika hiala amin'izay tena zava-dehibe ny lalao samihafa, ny horonan-tsary, ny hafatra ary ny "j'aime".

Fa ny ohatra tsara kosa dia toy ny hazavana kely ao amin'ny efitra maizina. Tsy mitabataba izany, fa mamirapiratra mba hahafahan'ny hafa mahita ny lalany.

Anio, andeha isika hangataka amin'Andriamanitra mba hampamirapiratra ny tokantranontsika. Tsy voatery ho tonga lafatra isika. Mety mifona isika nefa mamerina indray. Nefa miaraka amin'ny fanampian'Andriamanitra, dia afaka ny hitondra fanasitranana ny tenintsika. Afaka miandry ny findaintsika. Afaka milaza ny safidintsika hoe: "Ataoko lohalaharana Andriamanitra, ary manan-danja amiko koa ianao."

Mbola tanora i Timoty, nefa afaka nitarika. Afaka mitarika koa ianao. Afaka mitarika ny hatsarampanahinao. Afaka mitarika ny fahitsianao. Afaka mitarika ny safidy feno herim-po ataonao.

Alohan'ny hametrahantsika fitsipika maro kokoa, aoka isika mihitsy no ho hafatra. Miaraka amin'ny fanampian'Andriamanitra, dia afaka ny hamirapiratra ny fiainantsika.

ANGATAHO

**FOTOAM-BAVAKY NY MPIANAKAVY**

Apetraho eo afovoany ny jiro kely iray ary mivavaha hoe: "Jesosy ô, ampio ny teninay, ny safidinay, ny fitiavanay sy ny finoanay ary ny fahadiovanay hamirapiratra mihoatra noho ny efijerinay anio. Amin'ny Anaranao, amena."

SAINTSAINO

| **Toy izao no tsapan'i Timoty manoloana ireo andraikitra vaovao nankinina taminy:** | **Ary izao no fomba itarihan'Andriamanitra antsika mba ho fianarana ho an'ny hafa:** |
|---|---|
| **MIOVAOVA**: Niatrika loza ireo fiangonana vao naorina. | **MIATRIKA**: Omen'Andriamanitra herim-po isika mba ho fianarana ho an'ny hafa. |
| **TSY AZO ANTOKA**: tanora mpitarika, andraikitra lehibe. | **AMPAHAFANTARINY**: Mampianatra amim-pahanginana ny ohatra asehontsika. |
| **SAROTRA**: Fanerena maro no nanodidina azy. | **TARI-DALANA**: Manasa anao Andriamanitra hiaina araka izay asainao ataon'ny hafa. |
| **MANJAVOZAVO**: Ahoana no hitarihany ireo loholona nefa ny tenany mbola tanora? | **TOKY**: Miaraka mitombo hery ny mpianakavy. |

Ao anatin'ny tontolo miovaova sy tsy azo antoka, dia asehon'i Timoty amintsika fa mitombo ny tena herim-po rehefa tonga ohatra mafy orina ho an'ny hafa ny fiainantsika.

IFANAKALOZY

1- Vakio ny 1 Tim. 4:12.

2- Tsipiho ny teny hoe: **“fianarana”**

3- Anontanio ny tenanao:

• Mitovy amin’ny fomba fiteniko ve ny fomba fitondrako tena ao amin’ny tambajotran-tserasera?

• Inona ny lesona sintonin’ny ankizy amin’ny fijerena ahy?

NAHOANA?

Mampianatra antsika zava-dehibe i Timoty: mianatra mandrakariva ny maso. Rehefa apetrako ny findaiko, rehefa mihaino amim-pitiavana aho ary mangataka famelana amin’ny hafa sy mifidy an’Andriamanitra, dia mampiseho anao ny lalana tokony haleha. Tsy avy amin’ny teniko ihany no ianaranao manao safidy feno fahendrena, fa avy amin’ny ohatra asehoko koa.

MANAPAHA HEVITRA

**FAMPIASANA HO AN’NY MPIANAKAVY**: **Rojon’ny fampanantenantsika**

Hetezo ho tapa-taratasy maromaro ny taratasy lehibe iray. Isaky ny tapa-taratasy dia ataovy sary na soraty ny fomba iray hampiasan’ny fianakavianareo amim-pahendrena ny efijery: ny lehibe no mametraka voalohany ny findainy, tsy mampiasa efijery mandritra ny fisakafoanana, mangataka fanampiana ny tsirairay rehefa mafy ny fanerena tsapany, ary miara-manomana fotoana mahafinaritra tsy misy efijery isika. Ampifandraiso ho rojo ireo tapa-taratasy ireo ary ahantòny eo amin’ny toerana hitan’ny rehetra. **Anontanio hoe: Inona no asehontsika amin’ny tsirairay avy?**



**FIANARANA FANAMPINY HO AN’NY RAY AMAN-DRENY:**

# MIORINA AMIN’NY FANEHOANA OHATRA

## **Ny foto-kevitra anio**:

Manorina fahefana ny fanehoana ohatra

## **Ny teny fikasana ho an’ny ankohonanao anio dia mibitsika mangina nefa mafonja**:

Ny ohatra asehonao isan’andro dia afaka mampianatra ny zanakao ny endriky ny fampiasana amim-pahendrena ny efijery.

Mampahatsiahy ny ray aman-dreny i Timoty fa mianatra momba ny herimpo ny ankizy rehefa mahita fitiavana tsy miovaova. Ao anatin’ny tontolo feno tabataba sy efijery, ny ohatra asehontsika dia afaka manorina fahefana ara-moraly sy mamolavola ny kolontsaina ao an-tokantrano ary manampy ny ankizy hahita an’i Jesosy eo amin’ny safidy ataony isan’andro.

## I. MIROSO HIHOATRA NY TAHOTRA AO ANATIN'NY TONTOLO MIOVAOVA

Ny fiainan'i Timoty dia mampianatra ny ray aman-dreny fahamarinana tsotra nefa mafonja: ao anatin'ny tontolo mahavery hevitra, dia tsy amin'ny alalan'ny fanerena no anorenana fahefana, fa amin'ny alalan'ny ohatra aseho.

Amin'ny maha-ray aman-dreny anao, tsy ilainao ny mitarika ny ankohonanao amin'ny alalan'ny fampiakaram-peo, na ny fanamafisana kokoa ny fitsipika, na ny fisehoana ho tonga lafatra. Mitarika amin'ny fomba tsara indrindra ianao rehefa hitan'ny zanakao fa tsy miovaova ny fiainanao. Mandray lesona avy amin'ny teninao izy ireo, nefa koa avy amin'ny fahazaranao, ny lantom-peonao, sy ny zavatra ifantohanao ary amin'ny fomba iatrehanao ny toe-javatra rehefa manahiran-tsaina ny fiainana.

Mitombina manokana izany eo amin'ny fampiasana ny efijery. Alohan'ny hahatakaran'ny ankizy amin'ny fahafenoany ny fitsipika rehetra dia efa mijery ny fomba ampiasan'ny olon-dehibe ao an-tokantrano ny fitaovana nomerika izy ireo. Hitany rehefa entina eo am-pisakafoana ny finday. Hitany rehefa manapaka ny resaka ifanaovana ny hafatra ao amin'ny finday. Hitany rehefa manova ny toe-tsaina manjaka ao an-tokantrano ny tambajotra sosialy.

Anio, mifidiana fihetsika iray hita maso izay mampiseho ohatra. Apetraho ny finday mandritra ny fotoana iarahan'ny mpianakavy. Mangataha famelana raha variana ianao. Aoka ny teninao, na ao anaty tambajotran-tserasera na ao an-trano, haneho fitiavana sy finoana ary fahadiovana.

**MITENY ALOHAN'NY FITSIPIKA APETRAKAO NY FIAINANAO, ARY NY OHATRA ASEHONAO DIA MANAMPY HAMOLAVOLA NY HERIM-PO AO ANATIN'NY ZANAKAO.**

## II. MANAMBARA NY FAHAMARINANA LALINA AO ANATIN'NY FOTOANA MAMPISALASALA

Vakio miadana ny 1 Tim. 4:12. Tsipiho ny teny hoe "*fianarana*." Avy eo, diniho ireo lafin-javatra dimy tanisain'i Paoly: ny fiteny, ny fitondrantena, ny fitiavana, ny finoana ary ny fahadiovana. Angataho Andriamanitra hanampy anao hahita izay mety efa nianaran'ny zanakao avy aminao.

Raha mampiasa fitaovana nomerika ianao, dia miatoa ary anontanio ny tenanao hoe: Inona no asehon'ny teniko ao amin'ny tambajotran-tserasera? Mifanaraka amin'izay ampianariko ao an-trano ve ny fitondrantenako ao anaty tambajotran-tserasera? Tsy miova ve aho rehefa tsy misy manonona manokana ny anarako sy mijery ahy, na midera ahy?

TSY TEREN-KO HISY NY FAHEFANA ARA-MORALY. AORINA TSIKELIKELY IZANY REHEFA HITAN'NY ZANAKAO FA MANAO ARAKA IZAY ASAINAO ATAONY IANAO.

## III. TARI-DALANA TSY MIOVA NA SAROTRA AZA NY LALANA

Ny fanehoana ohatra dia midika hoe miaina, araka izay tratra, ny zavatra angatahinao hianaran'ny zanakao. Anisan'ireo foto-kevitra ara-panabeazana kanto hita ao amin'ny asa soratr'i Ellen White izany: ny tokantrano no mampianatra alohan'ny hitenenana lesona iray. Hoy izy nanoratra: "*Ny ankohonana no tena mamolavola ny toetra mihoatra noho ny zavatra hafa rehetra*." – Fanabeazana kristianina, t. 321.

Ho an'ny ray aman-dreny sahiran-dava, dia tsy natao ho vesatra izany. Tsy antony hafa hahatsapana ho meloka koa, fa fanasana hahita ny halehiben'ny herin'ny safidy ataonao isan'andro. Mandray lesona ny zanakao rehefa mivavaka ianao, rehefa miato ka mihaino, rehefa mametraka ny finday, ary na rehefa miteny aza ianao hoe: "Diso aho. Miala tsiny aho. Andeha isika hanao fiaingana vaovao indray."

Tsy fahalavorariana tsy akory ny fanehoana ohatra, fa faharetana sy fanaovana araka izay lazaina. Ny fahalavorariana dia manao hoe: "Tsy tokony hanao fahadisoana mihitsy aho." Ny fanaovana araka izay lazaina kosa dia milaza hoe: "Rehefa diso aho, dia miverina amin'izay tena zava-dehibe." Ny ray aman-dreny mahatoky amin'izay nolazainy dia tsy mitaky ny zanany hanana fahazarana mifandraika amin'ny fampiasana efijery nefa tsy vonona ny hampihatra izany koa ny tenany. Ny ray aman-dreny manao araka izay nolazainy dia mbola mianatra miaraka amin'ny zanany, fa tsy mijoro ho ambony noho izy. Mahatonga ny zanaka hahatsapa ho voaro izany karazana fitarihana izany satria miorina amin'ny fifandraisana fa tsy amin'ny fanerena.

Tsy nilaza tamin'i Timoty i Paoly hoe: "Ataovy izay hanajan'izy ireo anao." Fa hoy izy: "*Aoka ho tonga fianarana* (...) *hianao*" - 1 Tim. 4:12. Mandaitra ao an-tokantrano koa izany foto-kevitra izany. Rehefa hitan'ny zanakao fa esorina eo ambony latabatra fisakafoana ny finday ka i Dada na i Neny no mametraka azy aloha, dia misy lesona voaray. Rehefa manan-danja kokoa noho ny fampandrenesan'ny finday ny resaka ifanaovana, dia miorina ny kolontsain'ny fianakaviana. Rehefa voaro ny fotoana fialan-tsasatra, dia milamina kokoa ny tokantrano. Rehefa tsy avela hifehy ny toe-tsaina sy ny fihetsehampon'ny rehetra ny tambajotra sosialy, dia manomboka mahita ny tena fahafahana ny ankizy.

Noho izany, tsy hoe: "Inona avy ireo fitsipika momba ny efijery tokony hapetrako?" ihany no fanontaniana tsara hapetraka. Ny fanontaniana lalina kokoa dia hoe: "Inona ny ohatra asehoko ny zanako mba hahafahany mianatra?"

NY OHATRA HENTITRA ASEHONAO NO HO TONGA TARI-DALANA MAFY ORINA IZAY HITONDRA NY ANKOHONANAO HO EO AMIN'I JESOSY.

## IV. TOKY MAFY ORINA EO ANIVON'NY FISALASALANA

Amin'ity herinandro ity, ampiharo ny **FIFAMPIDINIHAN'NY RAY AMAN-DRENY MOMBA NY EFIJERY**. Alohan'ny hametrahana fitsipika vaovao ho an'ny zanakareo, mipetraha miaraka amin'ny maha-ray aman-dreny anareo ary diniho amim-pahitsiana ny fahazaranareo manokana eo amin'ny fampiasana efijery. Mila fifanohanana ny fanehoana ohatra, ary manomboka amin'ny olon-dehibe ao an-tokantrano izany.

Mifidiana fotoana mangina iray amin'ity herinandro ity. Mifanontania hoe: Ahoana no ampiasantsika ny findaintsika eo anatrehan'ny zanatsika? Amin'ny lafiny inona no tsy mbola manao araka izay lazaintsika isika? Firy taona ny zanaka no heverintsika fa fahendrena ny manome azy finday avo lenta voalohany? Ahoana no hifanohanantsika rehefa mafy ny fanerena avy any ivelany?

Avy eo dia soraty ny fifanarahana fohy ataon'ny mpianakavy: "Hohatsaraintsika aloha ny fahazarantsika olon-dehibe amin'ny fampiasana efijery, hanemotra amim-pahendrena ny fampiasana finday avo lenta isika, hiteny rehefa misy fanerena mianjady, ary hamorona fomba ahafahan'ny zanatsika mifandray tsy mampiasa efijery."

**TSAROVY: INONA NO ASEHONTSIKA ALOHAN'NY HANGATAHANTSIKA NY HAFA HANAO ZAVATRA IRAY?**

## MIORINA AMIN'NY FANEHOANA OHATRA

Aza mikendry ny hifehy ny ankizy, fa fomba hafa aseho azy ireo. Mbola tanora i Timoty, nefa hentitra sy nanao araka izay nolazainy. Ao anatin'ny tontolo miovaova sy tsy azo antoka, ny ohatra aseho no tonga fahefana. Mijery anao ny ankizy. Inona no hitany aminao anio?

**TALATA**

**LOHAHEVI-DEHIBE**: I Marta sy i Maria

**VAKIO**: Lio. 10:38–42

# MIORINA AMIN'NY FANATREHANA

"*Ary izy nanana rahavavy atao hoe Maria, izay nipetraka teo anilan'ny tongotry ny Tompo ka nihaino ny teniny*." – Lio. 10:39

**HO AN'NY FOTOAM-BAVAKY NY MPIANAKAVY**: pejy 23
**FIANARANA FANAMPINY HO AN'NY RAY AMAN-DRENY**: pejy 24

## HERIM-PO NY FANATREHANA

Henonao ve ny tabataban'ny trano maro raharaha? Mifamezivezy haingana ny tongotra, mikapokapoka ny vilia, ary mifampiresaka eo akaikin'ny varavarana ny olona. Misy mila rano, misy mila mofo, ary misy mila fanampiana. Miasa mafy i Marta satria tiany i Jesosy ary iriny ny hahavonona ny zavatra rehetra.

Tao anatin'io trano maro raharaha io ihany, dia safidy hafa no nataon'i Maria. Nipetraka teo akaikin'i Jesosy izy ary nihaino Azy. Tsy nihazakazaka eran'ny trano izy na niezaka nanaporofo fa olona manan-danja. Tsy nitady hisarika ny sain'ny olona izy. Hoy ny Baiboly: "*Maria (...) nipetraka teo anilan'ny tongotry ny Tompo ka nihaino ny teniny*." – Lio. 10:39. Mampiseho safidy lehibe tokoa io fehezanteny fohy io.

Mampianatra antsika i Maria fa tsy misehoseho ny herim-po indraindray. Indraindray ny herim-po dia midika ho fiatoana rehefa toa mandeha haingana ny zavatra rehetra manodidina antsika. Indraindray ny herim-po dia midika ho fihainoana an'i Jesosy alohan'ny hirosoana hanao zavatra manaraka.

Mety ho be raharaha koa ny tokantranontsika. Ao anatin'ny tontolo "VUCA", dia miova haingana ny fiainana, tsy azo antoka koa ary mahavery hevitra sy saro-takarina, ka mety ho voaelingelina amin'ny lafiny maro ny saintsika. Eo ny efijery, ny feo sy ny hafatra samihafa, ny fianarana, ny raharaha ao an-trano, ny planina, ny fanahiana ary ireo fanontaniana izay tsy ahazoantsika valiny mandrakariva. Indraindray ny vatantsika dia eo amin'ny toerana iray, fa ny saintsika kosa lasa any amin'ny toerana maro hafa.

Manasa antsika i Jesosy mba hampiadana ny diantsika sy hanatona Azy. Tsy mitaky trano lavorary na tontolo andro tony tanteraka Izy. Fantany fa mety ho feno tabataba sy asa ary zava-manelingelina ny fiainana. Ny hany angatahiny dia ny fifantohan'ny saintsika, satria rehefa mihaino Azy aloha isika, dia manjary tony ny fontsika ary mijery ny hafa amin'ny fitiavana bebe kokoa ny masontsika.

Alohan'ny hiresahantsika momba ny efijery sy ny fandaharam-potoana ary ny safidy, dia andeha isika hanomboka eo amin'izay nanombohan'i Maria: eo akaikin'i Jesosy, vonona ny hihaino. Mety hihazakazaka sy hitabataba ary hisarika antsika izao tontolo izao, fa miaraka amin'i Jesosy kosa, dia afaka ny hiato sy hiaina amim-pitoniana ary hihaino ny Teniny ny fianakaviantsika.

ANGATAHO

**FOTOAM-BAVAKY NY MPIANAKAVY**

Esory izay rehetra mety hanelingelina, misefoa lalina indray mandeha, ary mivavaha hoe: "Tompo malala ô, ampio izahay hanatona Anao, hihaino Anao aloha, ary hifantoka tanteraka anio. Amin'ny anaran'i Jesosy, amena."

SAINTSAINO

| **Toy izao no tsapan'i Maria sy i Marta tao amin'ny tontolo niainany:** | **Na izany aza, miaraka amin'ny fanampian'Andriamanitra, dia afaka manova izany ho toy izao isika:** |
|---|---|
| **MIOVAOVA:** Nanetsika ny fanantenana momba ny Mesia ny fitondran'ny Romanina. | **MIATRIKA**: Mipetraha eo akaikin'i Jesosy ary mihainoa Azy tsara. |
| **TSY AZO ANTOKA**: Nanontany tena ny olona hoe iza marina i Jesosy. | **AMPAHAFANTARINY**: Fantaro ny zavatra iray izay tena ilaina. |
| **SAROTRA**: Ny fandraisam-bahiny dia nahitana anjara andraikitra voafaritra ho an'ny lahy sy ny vavy. | **TARI-DALANA**: Zarao koa ny fifantohanao fa tsy ny toerana ihany. |
| **MANJAVOZAVO**: Hanompo an'i Jesosy sa hijanona eo akaikiny? | **TOKY**: Apetraho ny finday, ary fidio ny fifandraisana. |

Ao anatin'ny tontolo miovaova sy tsy azo antoka, dia asehon'i Maria amintsika fa ny tena herim-po dia afaka manomboka amin'ny safidy mangina iray: mipetraka, mihaino, ary mifantoka tanteraka amin'i Jesosy.

IFANAKALOZY HEVITRA

1- Vakio ny Lio. 10:38–42.

2- <u>Tsipiho</u> ny teny hoe: **"zavatra iray loha no ilaina"**

3- Anontanio ny tenanao:

• Inona no mahatonga ahy ho be atao nefa tsy tena mifandray amin'ny hafa?

• Eo akaikinao ve aho, nefa mijery efijery?

NAHOANA?

Mampianatra antsika i Maria sy i Marta fa sarobidy amin'i Jesosy ny fo mihaino, fa tsy ny tanana be atao fotsiny. Amin'ny maha-ray aman-dreninao ahy, dia mampanantena aho fa hiato, hijery sy hihaino anao amim-pitiavana, mba hahafantaranao fa ianao no zava-dehibe kokoa amiko mandrakariva noho ny findaiko, mihoatra noho ny fahamaikana hanao ny raharaha ao an-trano sy ireo zavatra marobe tokony hataoko.

MANAPAHA HEVITRA

**FAMPIASANA HO AN'NY MPIANAKAVY**: **Garazin'ny finday**



Haingoy ny boaty kely na vilia fisaka iray mba ho Garazin'ny Finday ho an'ny fianakavianareo. Alohan'ny sakafo hariva na ny fotoam-pivavahana, samy "mametraka" ny findainy ao ny rehetra ary miteny hoe: "Misafidy ny hifantoka amin'izay atao eto aho."

Anontanio hoe: "Ahoana no nanehoan'i Maria fa zava-dehibe taminy i Jesosy?" Avy eo dia jereo ilay olona mamaly, henoy tsara ny valinteniny, ary omeo fihina feno fitiavana na paika tanana izy.

**FIANARANA FANAMPINY HO AN'NY RAY AMAN-DRENY:**

# MIORINA AMIN'NY FANATREHANA

## Ny foto-kevitra anio:

Fanatrehana feno fifantohana

## Ny teny fikasana ho an'ny ankohonanao anio dia feno fifantohana sy mafy orina:

Ny fifantohana feno fitiavana asehonao dia milaza amin'ny zanakao hoe: "Sarobidy amiko kokoa ianao noho ny fampandrenesana rehetra."

Ny safidin'i Maria dia tonga fanasana antsika isan'andro mba hampiadana ny diantsika, hifantoka amin'ny fahafenoana, ary hametraka fahazarana mampilamina ao an-tokantrano izay ametrahana ny finday sy ny fitaovana nomerika mba hahatsapan'ny ankizy fa misy mihaino izy. Mba hahatonga ihany koa ny fo ho tony kokoa ka hahita fotoana hihainoana tsara ny fitiavana alohan'ny hiverenan'ny rotorotom-piainana indray.

### I. MIROSO HIHOATRA NY TAHOTRA AO ANATIN'NY TONTOLO MIOVAOVA

Ny tokantrano iray feno rotoroto dia mety hahatonga ny fitiavana ho toy ny mangina, na dia samy ao amin'ny efitra iray aza ny rehetra. Mety ho sahirana amin'ny fanaovana zavatra tsara ny ray aman-dreny: mahandro sakafo, miasa,

manadio trano, mamaly hafatra, manampy ny zanaka, ary misahana raharaha maro. Kanefa ny tantaran'i Maria sy i Marta dia mampahatsiahy antsika amim-pahalemem-panahy fa tsy mitovy ny manao zavatra maro ho an'i Jesosy sy ny mankeo anatrehany amim-pifantohana.

Tsy diso i Marta raha nanao ny fanompoany. Ny olana dia lasa voasarika tamin'ny lafin-javatra maro loatra ny fony. I Maria kosa maneho karazana herim-po hafa: nijanona izy, nipetraka, ary nihaino. Ao anatin'ny tontolo feno tabataba sy mitaky zavatra maro, dia mety ho toy ny zava-madinika ny fanatrehana, nefa afaka ny hanana hery lehibe izany.

Ho an'ny ray aman-dreny, fanasana handinika izay alehan'ny saintsika izany. Mety tsy ray aman-dreny lavorary no ilain'ny ankizy, fa ray aman-dreny izay tena eo anilany. Rehefa miato ela isika mba hihaino, dia mampita hafatra mahery vaika izay voaray na tsy tenenina aza, hoe: "Sarobidy amiko kokoa ianao noho ny fahamaikako."

**MANONTANIA TENA ANIO HOE: TENA ETO TANTERAKA VE AHO, SA EO AKAIKY FOTSINY NEFA ANY AN-KAFA NY SAIKO?**

## II. MANAMBARA NY FAHAMARINANA LALINA AO ANATIN'NY FOTOANA MAMPISALASALA

Vakio ny Lio. 10:38–42 ary tsipiho ny tenin'i Jesosy hoe: "*zavatra iray loha no ilaina*." Tsy diso i Marta tamin'ny fanompoany, zava-dehibe ny asa nataony. Fanomezana tsara ny sakafo sy ny fandraisana vahiny ary ny fampiantranoana. Kanefa be loatra ny zavatra nosahaniny ka nila tsy ho hitany intsony Ilay Olona teo anoloany.

Ny fanatrehana dia tsy midika ho fipetrahana fotsiny nefa mikorontana tanteraka ny fiainana. Ny fanatrehana dia midika fa fantatrao ny fotoana ilan'ny fitiavana ny fifantohanao feno. Izany dia fisafidianana hifantoka amin'ny feon'ny zanakao mihoatra noho ny fampandrenesana, hifantoka amin'ny fotoana iarahan'ny mpianakavy mihoatra noho ny zavatra hafa, ary hifantoka amin'ny fihainoana mihoatra noho ny rotoroto sy ny fikoropahana.

ANONTANIO AMIM-PAHATONIANA NY TENANAO ANIO: MANAO ZAVATRA TSARA MARO VE AHO, NEFA TSY MAHATSAPA NY FON'ILAY OLONA EO AKAIKIKO?

## III. TARI-DALANA TSY MIOVA NA SAROTRA AZA NY LALANA

Ny foto-kevitra ara-panabeazana hita ao amin'ny asa soratr'i Ellen White dia mampahatsiahy antsika fa ny fifandraisana feno hafanana sy fiahiana no fomba tsara indrindra hanatonana ny ankizy. Hoy i Ellen White nanoratra: "(...) *ny fisakaizana aminy ihany no tena ahazoana mahafantatra ny ao am-pony; ary ilaintsika ny mahatakatra izany mba hahombiazantsika*." –Fanabeazana Kristianina, t. 235.

Izany no votoatin'ny tena fanatrehana. Tsy mitarika tsara ny zanany ny ray aman-dreny rehefa lavitra, na rehefa variana, maika, na zara raha mihaino. Mitarika kosa izy ireo rehefa manakaiky ny zanany, ary mampianatra amin'ny alalan'ny fanatrehana marina.

Ny fanatrehana dia mihoatra noho ny fiarahana ao amin'ny efitra iray fotsiny. Mety miara-mipetraka ny fianakaviana iray, nefa samy miaina ao amin'ny tontolony ao anatin'ny efijery ny tsirairay. Ny tena fanatrehana dia midika ho fifantohana tanteraka. Midika ho fifampijerena izany, fihainoana tsy misy fanapahan-dresaka, fametrahana ny finday rehefa misy miteny, ary fiheverana ny fihetseham-pon'ny ankilany fa tsy ny teniny ihany.

I Jesosy no naneho izany karazana fanatrehana izany. Tsy naneho fitiavana avy lavitra Izy. Niato Izy, ary nijery. Nihaino Izy, ary nanatona. Rehefa manao toy izany koa ny ray aman-dreny, dia mampita hafatra mahery vaika amin'ny zanany hoe: "Sarobidy amiko kokoa ianao noho ny fampandrenesana rehetra."

Izany no antony maha-zava-dehibe kokoa ny fifandraisana alohan'ny fanitsiana. Rehefa tsy akaikezina ny ankizy, dia mety ho toy ny fifehezana no fahitany ny fitsipika: "Te hanakana ahy fotsiny ianao." Rehefa tsapany kosa fa tiana izy, ary hita sy azo ny fihetsehampony, dia ho toy ny fiahiana no fahitany ny fitsipika: "Miaro ahy ianao." Tsy miova ilay fitsipika fa ny fifandraisana no manova ny fomba andraisan'ny ankizy azy.

Tsy ny teknolojia no fahavalo fa ny fanintonany ny saina tsy hifantoka. Mety tsy hanana fotoana lava hiarahana amin'ny zanany ny ray aman-dreny be atao, nefa tsy maninona izany. Ny fanatrehana dia midika fa rehefa miaraka ny mpianakavy, dia misafidy ny hiara-ho eo amim-pifantohana tanteraka ny rehetra.

NY FIFANDRAISANA MAFY ORINA DIA MAMADIKA NY FITSIPIKA HO TENIM-PITIAVANA.

## IV. TOKY MAFY ORINA EO ANIVON'NY FISALASALANA

Miantomboka amin'ny olon-dehibe ity hetsika ity. Andramo ny fahazarana tsotra antsoina hoe MPIARA-MIOMBONA AMIN'NY FANATREHANA, izay ifidianan'i Dada sy i Neny, na ireo olon-dehibe mikarakara ao an-trano, ny fotoana voalohany hametrahany ny finday.

Mifidiana fotoana roa isan'andro: fotoana iray ho an'ny fianakaviana, toy ny sakafo hariva na ny fotoam-pivavahana, ary fotoana iray ho an'ny ray aman-dreny, toy ny 10 minitra mangina rehefa matory ny ankizy. Apetraho eo amin'ny toerana hita maso ny finday, tsy ho famaizana, fa ho famantarana fa misafidy ny hanome fifantohana ny fitiavana ianareo.

Alohan'ny hanombohana dia miaraha miteny hoe: "Misafidy ny hifantoka eto amin'ny fahafenoany aho." Izany no mamadika ilay fotoana tsy ho fitsipika fa ho fampanantenana iaraha-manao.

**MANONTANIA TENA HOE: INONA NO FOTOANA AZOKO AROVANA ANIO MBA HAHATSAPAN'NY FIANAKAVIAKO FA HITAKO IZY IREO ARY TIAKO?**

## MIORINA AMIN'NY FANATREHANA

Teo akaiky i Marta, saingy i Maria no tena nanana firaisana tamin'i Jesosy. Ao anatin'ny tontolo miovaova sy tsy azo antoka ary feno tabataba, ny fitiavana dia miato sy mihaino ary manorina fatorana mafy izay ampy hihazonana ny fianakaviana ho iray rehefa mihazakazaka mafy ny fiainana.

**ALAROBIA**

**LOHAHEVI-DEHIBE**: I Solomona

**VAKIO**: 1 Mpanj. 3:5–12

# MIORINA AMIN'NY FAHAIZA-MANAVAKA NY SOA SY NY RATSY

*"Koa omeo ahy mpanomponao saina malady ho entiko mitsara ny olonao hahaizako manavaka ny soa sy ny ratsy; fa iza moa no mahay mitsara izao olonao betsaka izao?"* - 1 Mpanj. 3:9.

**HO AN'NY FOTOAM-BAVAKY MPIANAKAVY**: pejy 28

**FIANARANA FANAMPINY HO AN'NY RAY AMAN-DRENY:** pejy 29

## ILAY FANGATAHANA AMBONY INDRINDRA

Efa maizina tao an-dapa, nefa tsy mbola natory i Solomona. Vahoaka an'arivony kosa no matory tsara any ivelany, feno toky fa hahafantatra izay tokony hatao ny mpanjakany vaovao rehefa maraina ny andro. Kanefa misy zavatra tsy fantatry ny vahoaka momba an'i Solomona: nahatsapa tena ho tsy vonona i Solomona.

Toa tazany sahady ny ampitso miandry azy. Mety hisy renim-pianakaviana ho avy hitomany hitady rariny. Mety hisy miaramila miandry baiko. Mety tsy hitovy hevitra ireo mpitarika, ary hanantena vahaolana ny vahoaka. Azon'i solomona natao ny nangataka hery, laza, fandresena, harena na dera tamin'Andriamanitra. Tsotra nefa nanova ny zava-drehetra ny vavaka notononin'ilay mpanjaka tanora: «*omeo ahy (...) saina malady.*»

Hoy ny Baiboly: *"Koa omeo ahy mpanomponao saina malady ho entiko mitsara ny olonao hahaizako manavaka ny soa sy ny ratsy"*
- 1 Mpanj. 3:9. Tsy nangataka feo mahery kokoa na satroboninahitra lehibe kokoa i Solomona. Nangataka tamin'Andriamanitra izy mba hanampy ny sainy hahita mazava. Fantany fa tsy mora ny fanapahakevitra sasany, satria ny tahotra, ny fihetseham-po, ny zava-manery, ary ny feo maro dia mety hahasarotra ny fahitana ny lalana marina.

Ny fahaiza-mamantatra dia midika ho famelana an'Andriamanitra hitarika antsika hahalala izay marina sy tsara ary hendry. Ho an'ny ankizy, ny fahaiza-mamantatra dia azo lazaina ho toy ny fananana hazavana kely ao am-po avy amin'Andriamanitra. Rehefa misy zavatra toa mahafinaritra, mamirapiratra, na malaza, dia manampy anao ilay

hazavan'Andriamanitra hametrapanontaniana hoe: «Mahasoa ho ahy ve ity? Maneho hatsaram-panahy ve ity? Marina ve ity? Hanampy ahy ho tia an'Andriamanitra sy ny hafa ve ity?»

Mila izany karazana hazavana izany isika ankehitriny. Indro mirehitra ny efijery. Manao ranty ny namana ao amin'ny tambajotran-tserasera. Misarika mafy ny saintsika ny horonantsary. Ao anatin'ny tontolo izay miovaova haingana sy tsy azo antoka, dia tsy ilaina ny manampy trotraka izany. Ny fahendren'Andriamanitra no ilaintsika.

Koa anio, aoka isika hivavaka tahaka an'i Solomona. Tompo ô, ampio izahay hiato ka hisaina alohan'ny hanapahana hevitra, hihaino tsara alohan'ny hanarahana, ary handalina kokoa alohan'ny hinoana.

Mety ho feno tabataba manelingelina izao tontolo izao, kanefa afaka mampianatra antsika amim-paharetana Andriamanitra hahita mazava, hanao safidy amimpahendrena, hahay handanjalanja ny fampiasana efijery, ary hanana fotoana ho an'ny vavaka mangina.

**ANGATAHO**

**FOTOAM-BAVAKY NY MPIANAKAVY**

Apetraho eo amin'ny handrinao ny tananao iray, ary eo amin'ny fonao ny tanana iray, dia mivavaha hoe: «Andriamanitra ô, omeo fahaiza-manavaka ny soa sy ny ratsy izahay; enga anie ny Fanahy Masina hanampy anay hahita mazava. Amin'ny anaran'i Jesosy, amena.»

SAINTSAINO

| **Nony tonga mpanjaka i Solomona, dia toy izao ny tontolo niainany:** | **Na izany aza, miaraka amin'ny fanampian'Andriamanitra, dia manjary:** |
|---|---|
| **MIOVAOVA**: Niova haingana ny fanjakana. | **MIATRIKA isika**: Manana herim-po hangataka fahendrena. |
| **TSY AZO ANTOKA**: Mpanjaka tanora iray no nitarika vahoaka maro. | **AMPAHAFANTARINY**: Sokafany ny maso hahita izay manan-danja marina. |
| **SAROTRA**: Mety hanova fiainan'olona ny fanapaha-kevitra sarotra | **Omeny TARI-DALANA**: Mahita mazava ny saina. |
| **MANJAVOZAVO**: Samy toa marina avokoa izay fanapahan-kevitra. | **Omeny TOKY**: Manao safidy asesiky ny fitiavana. |

Tsarovy: Tsy maintsy naka fanapahan-kevitra manan-danja maro i Solomona, nefa tsy niatrika izany samirery izy. Ao anatin'ny tontolo miovaova sy tsy azo antoka, ny fahaiza-manavaka ny soa sy ny ratsy dia manampy antsika hampilamina ny diantsika, hihaino an'Andriamanitra, ary hisafidy amin'ny saina mazava.

IFANAKALOZY HEVITRA

1 Vakio ny 1 Mpanj. 3:9.

2 Tsipiho ny teny hoe: «**manavaka**.»

3 Anontanio ny tenanao:

- Mifangaro amiko ve ny fahamarinana sy ny fihetseham-poko?
- Ny efijery ve no mamolavola ny faniriako?

NAHOANA?

Manampy antsika tantaran'i Solomona hahafantatra fa tsy fananana fahalalana maro fotsiny no atao hoe fahendrena, fa ny fahafantarana izay tsara sy marina. Manome toky izahay fa hangataka amin'Andriamanitra maso mahiratra, mba hahafahan'ny ankohonanay manao safidy izay mikolokolo ny fitiavana, ny fitsaharana, ary ny toetra.

MANAPAHA HEVITRA

**FAMPIASANA HO AN'NY MPIANAKAVY**: **"Bocal" safidy tsara**

Apetraho eo ambony latabatra ny "bocal" iray ary omeo tapa-taratasy ny tsirairay. Asao ny tsirairay hanoratra na hanao sary momba ny safidy iray mikasika ny efijery izay mety hanampy ny ankohonana, toy ny hoe: «Tsy milalao finday mandritra ny sakafo» na «Vonoina ny efijery alohan'ny hatory.» Ataovy ao anatin'ilay "bocal" ireo tapa-taratasy ireo. Avy eo, mifandimbiasa maka tapa-taratasy iray, mamaky izany, ary manontany hoe: «Miaro ny fitiavantsika, ny fitsaharantsika, na ny fifandraisantsika amin'Andriamanitra ve izany?»



**FIANARANA FANAMPINY HO AN'NY RAY AMAN-DRENY:**

# MIORINA AMIN'NY FAHAIZA-MANAVAKA NY SOA SY NY RATSY

**Ny foto-kevitra anio**:

Fahafantarana ny zava-misy

## Ny teny fikasana ho an'ny ankohonanao anio dia feno fahendrena sy fahaiza-manavaka:

Afaka manampy ny ankohonanao Andriamanitra hiato sy hisaina, hahita izay marina, ary hisafidy izay tsara.

Ny fitaizana zanaka ao anatin'ny tontolo feno tabataba dia mety hahaketraka, saingy manolotra lalana tsara ho an'ny ankohonanao ny vavak'i Solomona. Ity fizarana ity dia hanampy anao hitony, hahita izay ampianarin'ny efijery, ary hitarika ny zanakao ho amin'ny fahendrena, fa tsy ho amin'ny fitsipika maro na fahalalana maro fanampiny fotsiny.

## I. MIROSO HIHOATRA NY TAHOTRA AO ANATIN'NY TONTOLO MIOVAOVA

Miova haingana ny tontolo, ary mety ho toy izany koa ny ao an-tokantrano. Hafatra iray, horonan-tsary iray, ady hevitra iray, na eritreritra iray mampanahy dia mety hanetsika ny ankohonana iray manontolo. Mampahatsiahy ny ray aman-dreny i Solomona fa tsy manomboka amin'ny fananana ny valiny rehetra ny herim-po. Ny herim-po dia manomboka amin'ny fangatahana amin'Andriamanitra mba hanampy antsika hahita mazava.

Tsy nangataka fahombiazana, laza avy amin'ny olona, na fahefana tamin'Andriamanitra i Solomona. Nangataka fahaiza-manavaka ny soa sy ny ratsy izy, izany hoe fahitana ny maha-samy hafa ny zavatra toa tsara fotsiny sy ny zavatra tsara marina. Na ny ankizy aza dia afaka mahatakatra izany toy izao: ny fahendrena dia manampy antsika hisafidy ny lalana tsara kokoa rehefa toa samy mahafinaritra ny lalana roa.

Zava-dehibe indrindra izany ho an'ny ray aman-dreny. Miova haingana ny ao anatin'ny efijery, haingana ny fiakaran'ny fihetseham-po, ary manery mafy ny feony. Kanefa afaka manome anao saina malady Andriamanitra.

**ANONTANIO NY TENANAO ANIO: MAHITA MARINA NY ZAVA-MISY VE AHO, SA VOKATR'IZAY MAHASARIKA NY SAIKO FOTSINY NY FIHETSIKO?**

## II. MANAMBARA NY FAHAMARINANA LALINA AO ANATIN'NY FOTOANA MAMPISALASALA

Mampianatra antsika i Solomona fa tsy ny fananana ny valiny rehetra no atao hoe fahendrena. Ny fahendrena dia ny mianatra manavaka ny zava-misarika ny saintsika amin'izay tena mahasoa ny fontsika, ny tokantranontsika ary ny fiarahantsika mandeha amin'Andriamanitra.

Vakio mangina ny 1 Mpanj. 3:9 ary tsipiho ny teny hoe «manavaka.» Avy eo apetraho ny fanontaniana: Haiko ve ny manavaka ny zava-manintona sy ny zavatra tsara? Mety hahatonga zavatra iray ho toa tsara ve ny fihetseham-po mahery vaika? Ny efijery ve no mamolavola ny faniriako? Mikolokolo fahaiza-mitsara marina ve aho, sa manangona fahalalana maro kokoa fotsiny?

**AMIN'NY FOTOANA MAMPISALASALA, NY FIANAKAVIANA DIA MILA SAINA MAZAVA, IZAY MAHAY MIATO, MIHAINO AN'ANDRIAMANITRA, ARY MISAFIDY IZAY MARINA SY TSARA.**

## III. TARI-DALANA TSY MIOVA NA SAROTRA AZA NY LALANA

Feno fanantenana sy mazava ny teny fikasana anio: afaka manampy ny fianakavianao Andriamanitra hahita izay marina, hisafidy izay tsara, ary hampiasa ny efijery amim-pahendrena.

Ny fahafantarana tsara ny zava-misy dia midika ho fahaizana mahita mazava. Ny foto-kevitra ara-panabeazana nasehon'i Ellen White dia mampahatsiahy antsika fa tsy ny fanomezana fahalalana ho an'ny ankizy ihany no atao hoe fanabeazana, fa ny fanampiana azy hitombo ho olona afaka misaina, misafidy ary manaraka an'Andriamanitra amim-pahatakarana tsara. Hoy i Ellen G. White nanoratra: «*Asan'ny tena fanabeazana marina (...) ny mitarika ny tanora hampiasa saina, fa tsy handika fotsiny izay noeritreretin'ny hafa.*» - Fanabeazana kristianina, t. 12.

Izany no atao hoe fahaiza-manavaka. Izany dia fahaizana miato sy mametrapanontaniana hoe: «Marina ve ity? Mahasoa ve ity? Mampianatra inona ny saiko ity? Mahatonga ny ankohonanay ho araka izay iantsoan'Andriamanitra anay ve ity?». Azo hazavaina toy izao izany ho an'ny ankizy: ny fahaiza-manavaka dia toy ny fampiasana ny hazavana omen'Andriamanitra mba hahitana ny maha-samy hafa ny fonosana mamirapiratra sy ny sakafo tsara.

Ho an'ny ray aman-dreny be erehina, dia mety manomboka amin'ny fotoana madinika izany. Rehefa avy nijery horonan-tsary, mandritra ny sakafo, na rehefa ao anaty fiara, dia apetraho ny fanontaniana hoe: «Inona no tsapanao taorian'izany?» «Nahoana araka ny hevitrao no tian'ny olona izany?» «Mampianatra antsika ho tonga karazan'olona manao ahoana izany?»

Tsy ny hanao ny teknolojia ho fahavalo no tanjona, fa ny hampianatra ny zanakao hamaky ny tontolo nomerika amin'ny maso misokatra. Misy votoaty mampiala voly, misy mamolavola ny fihetseham-po, misy manorina ny toetra, ary misy kosa mampanalavitra ny saina amin'ny fitsaharana, ny hatsarampanahy, ny fahamarinanana, na ny maha-izy azy.

Ny zaza iray izay mahatakatra ny antony maha-feno fahendrena ny safidy iray dia matanjaka kokoa noho ny zaza izay mankatò noho ny tahotra fotsiny.

**NY FAHENDRENA DIA NY FAHITANA MAZAVA HANY KA IZAY MAMPANJAKA NY FITIAVANA, NY FAHAMARINANANA, ARY MAMOLAVOLA TOETRA TSARA AO AN-TOKANTRANO ANKEHITRINY NO SAFIDINA.**

### IV. TOKY MAFY ORINA EO ANIVON'NY FISALASALANA

Amin'ity herinandro ity, alohan'ny hanasanao ny ankohonana manontolo hanao fifanarahana momba ny efijery, dia tanteraho aloha ity fotoana mangina ho an'ny ray aman-dreny ity: Miaraha mipetraka rehefa matory ny ankizy, na ao anatin'ny fotoana tony, resaho ny fahazarana iray mahakasika ny efijery izay tena ilain'ny ankohonanareo amin'izao fotoana izao. Angamba mila fifampiresahana amim-pitiavana bebe kokoa ny ankohonanareo, na fitsaharana tsara kokoa, na fampahatsiahivana matetika kokoa fa an'Andriamanitra ianareo.

Avy eo, samia manoratra fitsipika iray momba ny efijery sy ny antony anaovana izany. Ohatra: «Tsy mikitika finday eo am-pisakafoana, satria fotoana natao hifampihainoana sy hifankatiavana izany.» Na: «Vonoina ny efijery 30 minitra alohan'ny hatory, satria mila fitsaharana ny saintsika sy ny vatantsika.» Na: «Hosafidintsika tsara izay jerentsika, satria tiantsika ny hanao safidy izay manampy antsika hahatsiaro fa an'Andriamanitra isika.» Ampitahao ny valinteninareo. Apetraho ny fanontaniana: «Manao izay ialana amin'ny korontana fotsiny ve isika, sa mampianatra ny fahendrena?»

Misafidiana fitsipika iray izay azonareo aseho amin'ny oha-piainana aloha, izay vao zarao amin'ny zanakareo izany.

**APETRAHO NY FANONTANIANA: ASESIKY NY TAHOTRA VE ITY FITSIPIKA ITY, SA ASESIKY NY FANIRINA HITARIKA NY ZANAKA AMIM-PAHENDRENA?**

## MIORINA AMIN'NY FAHAIZA-MANAVAKA

Nisafidy ny fahaiza-manavaka ny soa sy ny ratsy i Solomona fa tsy ny fahefana. Tsy efijery maro kokoa no ilain'ny ankohonana, fa fahaiza-mitsara marina kokoa. Ao anatin'ny tontolo miovaova sy tsy azo antoka, dia manampy ny saina hahita izay marina sy tsara ary mendrika harahina ny fahendrena.

**ALAKAMISY**

**LOHAHEVI-DEHIBE**: I Jesosy

**VAKIO**: Mat. 6:25–34

# MIORINA AMIN'NY LAHARAM-PAHAMEHANA

*«Fa katsaho aloha ny fanjakany sy ny fahamarinany, dia hanampy ho anareo izany rehetra izany»* - Mat. 6:33.

**HO AN'NY FOTOAM-BAVAKY MPIANAKAVY**: pejy 33

**FIANARANA FANAMPINY HO AN'NY RAY AMAN-DRENY:** pejy 34

## IZA NO LOHALAHARANA?

Efa mifoha ny tanàna eo amin'ny tehezan-kavoana. Mamirapiratra eran'i Galilia ny hazavan'ny maraina, ahofahofan'ny rivotra ny ahitra, ary miha-mifanety manodidina an'i Jesosy ny vahoaka. Mitrotro ny zanany ny ray aman-dreny. Mikosoka ny tanany reraka ny mpiasa. Mihaino eny antsisiny eny ny tanora. Mijoro amimpahanginana ny zokiolona. Milanja enta-mavesatra tsy hita maso ny tsirairay, feno ahiahy: Inona no hohaninay? Inona no hotafianay? Inona no hitranga rahampitso?

Dia tazana namakivaky ny lanitra ny vorona, izay notondroin'i Jesosy. Fehezanteny iray afaka mandamina indray ny fiainana manontolo no nolazainy: «Fa katsaho aloha ny fanjakany sy ny fahamarinany, dia hanampy ho anareo izany rehetra izany» - Mat. 6:33. Tsy niteny i Jesosy hoe: «Mihazakazaha mafy kokoa,» na hoe: «Zakao irery ny zava-drehetra.» Fa hoy Izy: «Katsaho aloha». Ataovy ivo Andriamanitra. Aoka ny fanjakany ho feo voalohany henoina, hitodihana voalohany, ary ho fahazavana voalohany ao an-trano.

Ao anatin'ny tontolo miovaova sy tsy azo antoka, dia mety hiova haingana ny drafitra, mety manjavozavo ny ampitso, mety ho feno ny fandaharam-potoana, ary mety ho toa zava-dehibe avokoa ny feo maro. Misy hafatra tonga milaza hoe: «Jereo aho.» Misy ahiahy miteny hoe: «Vahao ny olako izao dieny izao.» Misy fironana miteny hoe: «Araho aho.» Misy efijery miteny hoe: «Akisaho indray mandeha fotsiny.» Manontany kosa i Jesosy, mba tsy ho ireo tabataba ireo no hisafidy ho antsika: Inona no lohalaharana ao am-pontsika anio?

Ataovy hoe toy ny filaharana na matso ny andro iray. Ny fianarana, ny asa, ny sakafo, ny raharaha ao antrano, ny lalao, ny efijery, ny foalantsasatra ary ny fialam-boly dia samy ao anatin'ilay filaharana. Kanefa ny matso rehetra dia mila mpitarika. Raha ny be

tabataba indrindra no mihazakazaka eo aloha, dia mikorontana ny zava-drehetra. Rehefa Andriamanitra no mitarika, dia samy mahazo ny toerany marina ny zava-drehetra.

Toy izany no ianarantsika mandamina ny laharam-pahamehana. Misafidy izay manandanja indrindra isika mba tsy hahasarika ny saintsika voalohany ilay zavatra be tabataba indrindra. Tsy ny hanao zavatra raharaha maro kokoa mandra-pahareraka no tanjona. Fa ny mametraka ny zavatra voalohany ho lohalaharana, mba tsy hanjakazaka ao am-pontsika ny fandaharam-potoantsika sy ny efijery.

Anio, andeha isika hangataka amin'i Jesosy hanampy ny ankohonantsika hanomboka miaraka Aminy, hanana ny fiadanany, ary hamela ny fanjakany hitarika ny tokantranontsika.

**ANGATAHO**

**FOTOAM-BAVAKY NY MPIANAKAVY**

Milahara eo am-baravarana, mifampitantàna, ary mivavaha hoe: «Tompo ô, tariho toy ny matso ny tontolo andronay. Ampio izahay hanaraka Anao aloha eo amin'ny safidy rehetra ataonay. Amin'ny anaran'i Jesosy, amena.»

**SAINTSAINO**

| **Toy ny ankehitriny, tamin'ny andron'i Jesosy koa dia toy izao ny fiainana:** | **Ankehitriny kosa, miaraka amin'ny fanampian'Andriamanitra, dia manjary:** |
|---|---|
| **MIOVAOVA**: Toa tsy azo antoka, misy loza. | **MIATRIKA isika**: Manaraka an'i Jesosy rehefa tandindomin-doza ny fiainana. |
| **TSY AZO ANTOKA**: Manahy ny amin'ny ampitso ny ankohonana. | **AMPAHAFANTARINY** izay tena zava-dehibe. |
| **SAROTRA**: Ahiahy maro no mameno ny fo. | **Manana TARI-DALANA isika**: Aoka Andriamanitra no hitarika ny safidintsika. |
| **MANJAVOZAVO**: Inona no tokony ho laharam-pahamehana? | **Mahazo TOKY isika** fa voakolokolo ny fitiavana ao an-tokantranontsika. |

Tsy nesorin'i Jesosy ny ahiahy rehetra, fa nampianatra antsika Izy ny amin'izay tokony hatao laharam-pahamehana. Ao anatin'ny tontolo miovaova sy tsy azo antoka, ny laharam-pahamehana dia manampy antsika hanaraka ny fandaharan'Andriamanitra, hiaro ny tena zava-dehibe, ary hiaina amin'ny fo tony kokoa.

## IFANAKALOZY HEVITRA

1 Vakio ny Mat. 6:33.

2 Tsipiho ny teny hoe: «**aloha**.»

3 Anontanio ny tenanao:

• Inona no safidiko voalohany isa-maraina?

• Ny fomba fampiasako ny fotoako ve maneho izay tena omeko lanja indrindra?

## NAHOANA?

Mampianatra antsika i Jesosy hametraka an'Andriamanitra sy ny fitiavana ho lohalaharana, mba tsy hanjaka ao an-tokantranontsika ny efijery sy ny tabataba. **Manome toky aho fa hanampy ny ankohonako hanokana fotoana ho an'Andriamanitra, hitsaharana, ary ho an'ny tsirairay, satria sarobidy amiko mihoatra noho ny zavatra hafa maika rehetra ianao**.

## MANAPAHA HEVITRA

**FAMPIASANA HO AN'NY MPIANAKAVY**: Jiro mandamina ny fifamoivoizana ao an-tokantrano



Mampiasà pensilihazo miloko na taratasy kely miraikitra miloko mena, mavo ary maitso. Miaraha mandehandehana eran'ny trano ianareo. Asio marika maitso eo amin'ny toerana azo ampiasana ny efijery, mavo eo amin'ny toerana mila hamerana ny fampiasana efijery, ary mena eo amin'ny toerana tsy azo ampiasana izany mihitsy. Avy eo, anontanio: «Aiza no ahafahan'ny ankohonantsika manome toerana lehibe kokoa ho an'Andriamanitra, ho an'ny fitsaharana ary ho an'ny tsirairay?» Ataovy eo amin'ny toerana talaky maso io drafitra io mandritra ity herinandro ity.

FIANARANA FANAMPINY HO AN'NY RAY AMAN-DRENY:

# MIORINA AMIN'NY LAHARAM-PAHAMEHANA

### Ny foto-kevitra anio:

Fandaminana ny laharam-pahamehana

### Ny teny fikasana ho an'ny tokantranonao anio dia feno fiadanana sy filaminana:

Rehefa Andriamanitra no atao laharam-pahamehana, dia afaka miaina amim-pitoniana ny fianakavianao.

Ity fizarana ho an'ny ray aman-dreny ity dia hanampy anao hahita ny fandaminana laharam-pahamehana ho toy ny fahazarana ara-panahy: misafidy an'Andriamanitra alohan'ny zava-manery isan-karazany, ny fitiavana alohan'ny fandraisana hafatra, ary ny fitsaharana alohan'ny firotorotoana. Ho hitanao fa ireo toerana ao an-trano, ny fahazarana isan'andro, ary ny fetra amin'ny fampiasana efijery dia hampahafantatra anao, tsy amin'ny fomba mivantana fa amim-pahombiazana kosa, izay tena zava-dehibe.

## I. MIROSO HIHOATRA NY TAHOTRA AO ANATIN'NY TONTOLO MIOVAOVA

Fantatry ny ray aman-dreny ny atao hoe sahirana mandritra ny tontolo andro. Ny sakafo maraina, ny asa, ny fianarana, ny vola tokony haloa, ny hafatra, ny raharaha isan-karazany ary ny ahiahy dia mety samy hiantso mafy indray mandeha. Ao anatin'izany tabataba izany, ny fanontaniana dia tsy hoe: «Inona no tsy maintsy ataoko?» ihany, fa hoe: «Inona no tokony hitarika ny foko sy ny ankohonako?»

Tsy mamaha ny olan'ny tebiteby amin'ny fanasana ny ray aman-dreny hanao zavatra bebe kokoa i Jesosy. Fandaharana tsara kokoa no omeny: «Fa katsaho aloha ny fanjakan'Andr*iamanitra sy ny fahamarinany.»* - Mat. 6:33. Ny fandaminana ny laharam-pahamehana dia midika hoe: misafidy izay tokony ho voalohany mba tsy ny zava-manery no hisafidy ho antsika. Toy ny fametrahana ny vato lehibe indrindra ao anaty siny aloha izany; izay vao mahita ny toerany ny zava-madinika.

Ho an'ny ankohonana, midika izany fa Andriamanitra no mamolavola ny fandaharam-potoana, ny fampiasana ny finday, ny fotoana fisakafoana, ny ora fatoriana ary ny fomba iatrehantsika ny fahasahiranan-tsaina. Hisy hatrany ny ahiahy. Kanefa rehefa tsy ny tahotra, ny rotoroto, na ny efijery no mitarika ny ankohonana, fa ny fandaharan'Andriamanitra, dia miantomboka ny fiadanana.

**IZAY ATAONAO LOHALAHARANA DIA MAMPIANATRA MANGINA NY ANKOHONANAO NY ZAVATRA TENA MANAN-DANJA, ISAN'ANDRO.**

## II. MANAMBARA NY FAHAMARINANA LALINA AO ANATIN'NY FOTOANA MAMPISALASALA

Vakio milamina ny Mat. 6:33 ary asio tsipika ny teny hoe «*aloha*.» Avy eo, alohan'ny hanombohana ny tontolo andro, dia apetraho ny fanontaniana: Inona no tratrariko voalohany? Inona no misarika ny saiko alohan'Andriamanitra na ny ankohonako? Hita amin'ny fomba ampiasako ny fotoanako ve izay tena omeko lanja? Ny teknolojia ve no mandamina ny androko, sa izaho no mandamina ny fampiasako azy?

Asehon'i Jesosy fa mitombo ny tebiteby rehefa mikorontana ny laharam-pahamehantsika. Manadino izay tena zava-dehibe ny fo rehefa toa maika avokoa ny hafatra rehetra, ny asa rehetra ary ny ahiahy rehetra.

**MIHOATRA LAVITRA NOHO NY FANDAMINANA NY TONTOLO ANDRO NY FANDAMINANA NY LAHARAM-PAHAMEHANA. FAMELANA AN' ANDRIAMANITRA HAMETRAKA NY FITIAVANA, NY FIANKOHOFANA AMINY, ARY NY ANKOHONANA EO AMIN'NY TOERANY TOKONY HISY AZY IZANY.**

## III. TARI-DALANA TSY MIOVA NA SAROTRA AZA NY LALANA

Ny fandaminana ny laharam-pahamehana dia midika ho fanampiana ny ankohonanao hametraka ny zavatra manan-danja marina ho voalohany. Tsy ny famolavolana fandaharam-potoana tonga lafatra na ny fanampiana enta-mavesatra iray hafa amin'ny andro efa feno raharaha no tanjona, fa ny manontany hoe: «Inona no tena tiantsika indrindra, ary ahoana no ahafahan'ny ankohonantsika miaro izany?»

Mazava ny fandaharana omen'i Jesosy: «Fa katsaho aloha ny fanjakan'Andr*iamanitra sy ny fahamarinany.»* - Mat. 6:33. Ny hoe "aloha" dia tsy midika fa tsy hiraharaha ny asa, ny fianarana, ny fanasan-damba, ny sakafo, ny hafatra, na ny ankizy reraka isika. Midika kosa izany fa ny fanjakan'Andriamanitra no manjary tondrozotra manampy antsika hanapa-kevitra ny amin'izay mendrika hosainina indrindra.

Mampahatsiahy ny ray aman-dreny ny foto-kevitra ara-panabeazana hita ao amin'ny asa soratr'i Ellen White fa ny tokantrano dia mampianatra. Hoy izy: **«Natao hanomboka ao an-tokantrano ny fanabeazana ny zaza. Io no sekoly voalohany ho azy.»** - Child Guidance, t. 17. Midika izany fa mianatra avy amin'ny fiainana ao an-trano ny ankizy: inona no arovan? Inona no ajanona? Inona no averimberina? Ary inona/iza no avela hitarika?

Mety hanova moramora izany filaharana izany ny teknolojia. Ny hafatra tonga iray dia mety ho mafy kokoa noho ny fitantaran'ny zanaka iray. Ny fijerena efijery vetivety dia mety hisolo ny vavaka alohan'ny hatory. Ny zavatra maika dia mety hanosika izay tena ilaina. Koa tsy momba ny fotoana laniana eo anoloan'ny efijery fotsiny ny fandaminana ny laharam-pahamehana, fa mikasika ny fotoana hafa manjary voasolon'izany.

Tsy voatery hiaina ao anatin'ny tahotra na henatra ny ankohonana hendry. Afaka manomboka amin'ny safidy madinika nefa feno fanantenana ny ray aman-dreny: latabatra tsy misy efijery, fotoana fatoriana milamina, fotoana atokana ho an'ny fotoam-pivavahan'ny mpianakavy, resadresaka ifanaovan'ny mpianakavy tsy misy finday, na toerana famahanana finday any ivelan'ny efitra fatoriana. Ireo fanapahan-kevitra mivaingana ireo dia milaza amin'ny ankizy hoe: «Manan-danja aminay izany.» «Sarobidy aminay ianao.» Tsy rindrina mangatsiaka no fetra mazava, fa famefena amim-pitiavana mba hiarovana ny finoana, ny fitsaharana, ny fifandraisana, ary ny fiadanana.

**IZAY ATAON'NY ANKOHONANAO HO LAHARAM-PAHAMEHANA ANIO DIA HANJARY HOTSAROAN'NY ZANAKAO RAHAMPITSO, MIARAKA NY FANAMPIAN'ANDRIAMANITRA.**

## IV. TOKY MAFY ORINA EO ANIVON'NY FISALASALANA

Amin'ity herinandro ity, afaka manao ity fampisana tsotra ity ny ray amandreny: **FITIAVANA – FITSAHARANA – ANDRIAMANITRA**. Rehefa matory ny ankizy, miaraha mipetraka mandritra ny folo minitra, miaraka amin'ny taratasy sy loko telo. Ianareo roa irery izao no handehandeha eran'ny trano, ka resaho ny momba ny fiainan'ny ankohonanareo. Asio marika maitso ireo fotoana izay tokony tsy ampiasana efijery, toy ny fotoam-pivavahana, ny fotoana fisakafoana, ary ny fotoana fatoriana. Asio marika mavo ny fampiasana efijery izay mila tanjona mazava sy fe-potoana voafaritra. Asio marika mena ireo fahazarana izay ifanarahanareo fa tsy hiditra ao an-tokantranonareo mihitsy, indrindra ny fampiasana finday ao amin'ny efitra fatoriana amin'ny alina.

Avy eo dia mifidiana toerana iray iarahan'ny rehetra mametraka ny findainy hamahanana azy, fotoana iray isan'andro hanalavirana ny efijery, ary fotoana iray hiarahana manokana amin'ny ankohonana. Tsy fanasaziana izany, fa fomba iray handaminana ny fiainana ao an-tokantrano.

**APETRAHO NY FANONTANIANA: INONA NO AROVANTSIKA VOALOHANY?**

## MIORINA AMIN'NY LAHARAM-PAHAMEHANA

Manome vahana ny zava-misarika ny saina ve ny ao an-tokantranoko sa ny fifandraisana? Mandamina ny fo i Jesosy. Ao anatin'ny tontolo miovaova sy tsy azo antoka, mitombo ny fiadanana rehefa Andriamanitra no atao laharam-pahamehana. Tsy ny efijery no fahavalo; fa ny laharam-pahamehana mikorontana.

**ZOMA**

**LOHAHEVI-DEHIBE**: I Paoly Apostoly

**VAKIO**: Fil. 4:1–13

# MIORINA AMIN'NY FANKASITRAHANA

*"Mifalia mandrakariva amin'ny Tompo; hoy izaho indray: Mifalia."* – Fil. 4:4.

**HO AN'NY FOTOAM-BAVAKY MPIANAKAVY**: pejy 39
**FIANARANA FANAMPINY HO AN'NY RAY AMAN-DRENY:** pejy 40

## FIFALIANA TSY VOAHAISOTRA VOKATRY NY FAHAIZA-MANKASITRAKA

Alao sary an-tsaina ny fonja rehefa milentika ny masoandro. Any ivelany dia mihamaloka ny lokon-danitra, fa tonga aloha kosa ny haizina tao antranomaizin'i Paoly kosa. Mangatsiaka ny gorodona, voagejan'ny rojo ny tanany, maneno eran'ny lalantsara ny lakile, nefa tsy afaka manokatra ny varavarana i Paoly. avy tao amin'izany toerana sarotra izany anefa no nanoratany izao teny mamiratra izao: *"Mifalia mandrakariva amin'ny Tompo; hoy izaho indray: Mifalia."* – Fil. 4:4.

Tsy mody milaza i Paoly fa mahafinaritra ny fonja. Tsy milaza izy fa tsy maharary ny rojo na tsy mampaninona ny alina feno fanirery. Lalina noho ny tsiky ivelany fotsiny ny fifaliany. Tsaroan'i Paoly fa nitoetra teo anilany Andriamanitra tao anatin'ny tafio-drivotra, ny loza, ny fandavana ary ny tahotra. Koa satria tsaroany ny fahatsaran'Andriamanitra, dia mbola velon-kira ihany ny fony.

Eto no mampianatra antsika ny fankasitrahana momba ny fandaminana ny laharam-pahamehana. Ny fandaminana ny laharam-pahamehana dia midika fisafidianana izay hipetraka eo amin'ny toerana voalohany mandritra ny tontolo andronao. Toy ny fametrahana ny vato lehibe indrindra ao anaty siny aloha izany, izay vao ny vato madinika rehetra. Ho an'ny ankizy dia azo lazaina toy izao: «Inona no tena zava-dehibe izao ankehitriny izao?» Andriamanitra aloha. Ny fitiavana aloha. Ny olona alohan'ny efijery. Ny fankasitrahana alohan'ny fitarainana. Rehefa ny zava-manandanja no apetraka aloha, dia tsy afaka mifehy ny tontolo andro intsony ny zavatra be tabataba.

Ao anatin'ny tontolo miovaova sy tsy azo antoka, dia mety hihozongozona ny drafitra, manjavozavo ny ampitso, sarotra ny misafidy, ary mahavaka ny saina ny hafatra isan-karazany. Matetika ny efijery no miteny hoe: «Maniria bebe kokoa. Manaova fampitahana mismisy kokoa.

Porofoy indray. Akisaho hatrany.» Fa mampangina izany tabataba izany kosa ny fankasitrahana ary mibitsika hoe: «Jereo indray. Eto Andriamanitra.»

Koa alao sary an-tsaina i Paoly manandratra ny tanany voafatotra rojo. Tsy hoe satria tsara ny rojo, fa satria tsara Andriamanitra. Tsy satria mampahazo aina ny fonja, fa satria tsy nandao ilay tranomaizina ny fahasoavana. Tsy mamafa ny andro sarotra ny fankasitrahana; fa manampy antsika hahita an'Andriamanitra ao anatin'izany.

Mitombo ny fifaliana eo amin'izay anehoana fankasitrahana. Rehefa ny Tompo no anombohantsika ny androntsika, na ny andro sarotra aza dia mety ho tonga fotoana iray izay mora ahitana kokoa ny fahatsarany.

**ANGATAHO**

**FOTOAM-BAVAKY NY MPIANAKAVY**

Milazà fomba iray nikarakaran'Andriamanitra antsika androany. Avy eo, miaraha mivavaka hoe: «Andriamanitra ô, ampio izahay hahita ny fahatsaranao sy hifaly amin'ny fo feno fankasitrahana. Amin'ny anaran'i Jesosy, amena.»

**SAINTSAINO**

| **Ny fanandramana niainan'i Paoly no sarotra indrindra:** | **Na teo aza izany, dia natoky an'Andriamanitra i Paoly mba hanova izany, ka manjary:** |
|---|---|
| **MIOVAOVA**: Nenjehina sy nogadraina i Paoly | **MIATRIKA**: Mifidy ny hifaly na dia mampijaly aza ny fiainana. |
| **TSY AZO ANTOKA**: Mety tsy ho tafody an-trano intsony i Paoly. | **MAHAFANTATRA**: Mahita ireo fanomezana avy amin'Andriamanitra anio. |
| **SAROTRA**: Nahatsiaro ho noterena manodidina ireo fiangonana vao niorina. | **Manana TARI-DALANA**: Aoka hitarika ny fonao ny fankasitrahana. |
| **MANJAVOZAVO**: Mety hitombo ve ny fifaliana ao anatin'ny fahoriana? | **Manana TOKY**: Mampiasa ny efijery mba hanampiana ny hafa. |

Tsy afa-nandositra ny fahoriana rehetra i Paoly, saingy nianatra nametraka ny sainy tamin'izay tena zava-dehibe izy. Ao anatin'ny tontolo miovaova sy tsy azo antoka, ny fankasitrahana dia manampy antsika hahita ny fahatsaran'Andriamanitra, hitondra fitahiana ho an'ny hafa fa tsy hampitaha ny tenantsika amin'izy ireo, ary hanana fo afaka amin'ny vesatra.

**IFANAKALOZY HEVITRA**

1 Vakio miaraka ny Fil. 4:4 sy 4:11.

2 Tsipiho ny teny hoe: «**mandrakariva**» na «**mifalia**.»

3 Anontanio ny tenanao:

• Inona avy ireo fihetseham-po ampitomboin'ny efijery ato anatiko?

• Mampitombo ny fankasitrahako ve ny fotoana laniko eo anoloan'ny efijery?

**NAHOANA?**

Mampianatra antsika i Paoly fa na dia ao amin'ny toerana sarotra aza, dia azo aato ny manana fo feno fankasitrahana hatrany Andriamanitra. **Manome toky aho fa hiara-mitady ireo fanomezana nomen'Andriamanitra izahay ary hampiasa ny efijerinay hizarana hatsaram-panahy, fa tsy hampitahana ny tenanay amin'ny hafa.**

**MANAPAHA HEVITRA**

**FAMPIASANA HO AN'NY MPIANAKAVY**: Jiro Fitahiana



Apetraho eo ambony latabatra ny jiro iray ary lazao hoe: «Afaka mampiasa ny efijery isika ho fampitahana, hitarainana, na ho fitahiana. Anio, hisafidy ny fitahiana isika.» Ampireheto ny jiro ary ampitampitao amin'ny tsirairay. Samia manohy ireto fehezanteny ireto:

«Misaotra Anao aho, Andriamanitra ô, noho ...»

«Te hampahery an'i ... aho»

«Toy izao ny teny feno hatsaram-panahy azoko soratana antseraser: ...»

Avy eo, apetraho ny fanontaniana: Naneho fitiavana ve ny teniko, sa fampitahana?

FIANARANA FANAMPINY HO AN'NY RAY AMAN-DRENY:

# MIORINA AMIN'NY FANKASITRAHANA

**Ny foto-kevitra anio**:

Ny fankasitrahana no mamolavola ny tanjona

## Ny teny fikasana ho an'ny ankohonanao anio dia feno fankasitrahana sy maimaimpoana:

Azo ampiasaina ny efijery mba hizarana fitahiana, fa tsy hanaovana fampitahana anio.

Ny taratasin'i Paoly nosoratana tany am-ponja dia manasa ny ray aman-dreny hanao ny fankasitrahana ho fahazarana tsara eo anivon'ny ankohonana. Ao anatin'ny tontolo nomerika feno tabataba, ny fankasitrahana dia manazatra ny fo hahita ireo fanomezana avy amin'Andriamanitra, hanohitra ny fifampitahana, ary hampiasa ny efijery mba hanomezana fitahiana ny hafa amin'ny fifaliana, tanjona ary fiadanana maharitra kokoa.

## I. MIROSO HIHOATRA NY TAHOTRA AO ANATIN'NY TONTOLO MIOVAOVA

Mampianatra ny ray aman-dreny i Paoly fa tsy ny androm-piadanana no miteraka fankasitrahana. Tonga izany rehefa hain'ny fo ny toerana tokony hitodihany. Niatrika fanerena, loza, fonja i Paoly, ary tsy azo antoka ny hoaviny, nefa mbola afaka nilaza izy hoe: *"Mifalia mandrakariva amin'ny Tompo; hoy izaho indray: Mifalia."* – Fil. 4:4.

Tsy midika anefa izany fa tsy noraharahain'i Paoly ny fanaintainana. Tsy namafa ny fahoriany ny fankasitrahana; fa nanazatra ny sainy hahatsiaro fa eo Andriamanitra, ao anatin'ny fahoriana.

Mila izany fahasoavana izany koa ny ray aman-dreny ao anatin'ny tontolo miovaova sy tsy azo antoka. Mety ho tonga toerana feno fitarainana, fifampitahana ary tabataba nomerika haingana ny tokantrano. Kanefa rehefa maneho fankasitrahana ny ray aman-dreny, dia mianatra mahita ny fitahiana ny zanaka, fa tsy ny olana ihany. Ny tokantrano feno fankasitrahana dia tsy miteny hoe: «Tonga lafatra ny zava-drehetra.» Fa miteny hoe: «Mbola tsara hatrany Andriamanitra.»

**ANONTANIO NY TENANAO ANIO: ZATRA MITARAINA KOKOA VE NY SAIKO, SA ZATRA MANKASITRAKA?**

## II. MANAMBARA NY FAHAMARINANA LALINA AO ANATIN'NY FOTOANA MAMPISALASALA

Vakio ny Fil. 4:4 sy 4:11. Asio tsipika ny teny hoe «mandrakariva» sy «ho afa-po.» Avy eo, apetraho ny fanontaniana: Inona avy ireo fihetseham-po ampitomboin'ny efijeriko ato anatiko? Mampitaha ny ankohonako, ny fiainako, ny tokantranoko, na ny fitahiana azoko amin'ny an'ny hafa ve aho? Mikolokolo fankasitrahana ve izay hitako amin'ny tambajotra, sa mampitombo faniriana tsy mety afa-po ao am-poko?

Mety hisarika ny masontsika hifantoka amin'izay tsy ananantsika ny efijery, toy ny varavarankely ahitana ny kilalaon'ny hafa rehetra. Fa ny fankasitrahana kosa dia mampitodika mora ny masontsika amin'izay efa napetrak'Andriamanitra eo an-tanantsika.

**MAMPIANATRA ANTSIKA I PAOLY FA TSY NY TOERANA MISY ANTSIKA NO MAMARITRA NY FIADANANA, FA NY FIRONAN'NY FONTSIKA. TSY NAHAISOTRA NY FIFALIAN'I PAOLY NY EFITRANON'NY TRANOMAIZINA, SATRIA NIFANTOKA TAMIN'ANDRIAMANITRA NY SAINY.**

## III. TARI-DALANA TSY MIOVA NA SAROTRA AZA NY LALANA

Ny fankasitrahana dia manampy ny ankohonana hiaina amin'izay efa napetrak'Andriamanitra eo an-tanany, fa tsy hifantoka amin'izay toa tsy ampy. Foto-kevitra ara-panabeazana hita ao amin'ny asa soratr'i Ellen White izany, satria ny fankasitrahana dia tsy fampianarana ny zaza hiteny hoe «misaotra» fotsiny, fa fampianarana ny fo hahay hijery ny fiainana. Hoy i Ellen White nanoratra: «Tsy misy *na inona na inona mety hitondra fahasalamana ho an'ny vatana sy ny fanahy, mihoatra noho ny toe-tsaina feno fisaorana sy fiderana*» - Tanamasoandron'ny fahasalamana, t. 165. Mampianatra malemy fanahy ny fankasitrahana ao an-tokantrano. Manampy ny ray aman-dreny sy ny zanaka hahita ny fikarakaran'Andriamanitra, ny famatsiany, ny famelany heloka, ny hakantony ary ireo porofon'ny fitiavany izany.

Zava-dehibe izany satria mety ho feno raharaha sy mandreraka ny fiainampianakaviana. Mety hanao izay fara heriny ny ray aman-dreny nefa mbola hahatsapa ho reraka sy voageja. Mety ho voasariky ny efijery, ny dokambarotra ary ny fampitahana kosa ny ankizy. Hoy ny kolontsaina nomerika: «Mila bebe kokoa ianao. Manana bebe kokoa ny hafa. Tsy ampy ny anao.» Fa ny fankasitrahana kosa mamaly amin'ny hafatra tsara kokoa hoe: «Jereo izay nomen'Andriamanitra anao. Jereo Ilay tia anao. Jereo izay azonao atao hitahiana olona iray anio.»

Mamolavola ny fomba fijerin'ny ankohonana ny fankasitrahana. Tsy mijery fotsiny ilay kilalao tsy ananana, na ilay dia nataon'ny hafa, na ilay sary toa lavorary navoakan'ny ankohonana hafa intsony izy ireo. Mianatra mahita kosa ny sakafo mafana ao an-trano, ny vavaka voavaly, ny famihinana azo antoka, ary ny hery nomen'Andriamanitra hiatrehana indray andro iray izy. Tsy fandavana ny zavatsarotra izany. Fa fanampiana ny fo ho salama kokoa eo am-piatrehana izany.

Rehefa mitombo ny fankasitrahana, dia miova koa ny fomba fampiasantsika ny efijery. Tsy manao ranty isika mba hanaporofoana ny lanjantsika. Tsy manisakisaka ny efijery isika mba hamenoana fo banga. Tsy mampitaha ny tantaran'ny ankohonantsika amin'ny fotoana tsara indrindra nolalovan'ny ankohonana hafa isika. Azo atao kosa ny mampiasa ny teknolojia mba hilazana hoe «misaotra», na hampaherezana namana iray, hizarana fanantenana, ary hitahiana ny hafa.

Ao anatin'ny tontolo miovaova sy tsy azo antoka, ny fankasitrahana dia manjary tondrozotra ho an'ny tokantrano. Manova ny fanirian'ny ankohonana ho tanjona feno fifaliana izany.

**NY TOKANTRANO FENO FANKASITRAHANA DIA TSY MIFANTOKA AMIN'IZAY TSY ANANANY, FA MIHAFENO FANKASITRAHANA NY FANOMEZAN'ANDRIAMANITRA, KA MANJARY VONONA HANOME NY HAFA.**

## IV. TOKY MAFY ORINA EO ANIVON'NY FISALASALANA

Ankehitriny, manehoa fankasitrahana amin'ny alalan'ity fampiasana tsotra ho an'ny ray aman-dreny ity. Mandritra ny telo andro, alohan'ny hampiasana ny tambajotra sosialy na handefasana hafatra ho an'ny ankohonana, dia manokàna ianareo ray sy ny reny iray minitra mangina iarahana. Samia misafidy hafatra iray maneho fankasitrahana halefa, teny hitan'ny olona rehetra, mankasitraka olona iray, nefa tsy amin'ny fisehosehoana, ary hafatra manokana iray mampahery olona mety mila fanehoana hatsaram-panahy.

Raha ny ray na ny reny ihany no eo, dia ataovy miaraka amin'olon-dehibe iray azo itokiana izany, na ataovy irery amim-bavaka. Mandritra ireo telo andro ireo, ialao ny fitarainana, ny fifampitahana ary ny teny ankolaka. Aoka ny efijerinao ho varavarankely kely maneho fahasoavana, fa tsy fitaratra hanaovana fampitahana.

**ALOHAN'NY HAMOAHANA NA HAMALIANA HAFATRA IRAY, MIATOA ARY MANONTANIA HOE: HO FITAHIANA VE NY TENIKO, SA HANDRATRA?**

## MIORINA AMIN'NY FANKASITRAHANA

Maneho fankasitrahana ve sa fanakianana ny fampiasako ny tontolo nomerika hatramin'izay? Ao anatin'ny tontolo miovaova sy tsy azo antoka, ny fahasoavan'Andriamanitra dia manampy ny ankohonako hampiasa ny efijery mba hampitombo ny fitahiana, sy hanana fo feno fiadanana sy fankasitrahana anio.

**LOHAHEVI-DEHIBE**: Ny Zanak'Isiraely
**VAKIO:** Eks. 20:8–11

# MIORINA AO AMIN'NY SABATA

*"Mahatsiarova ny andro Sabata hanamasina azy."* – Eks. 20:8

**HO AN'NY FOTOAM-BAVAKY NY MPIANAKAVY**: pejy 44
**FIANARANA FANAMPINY HO AN'NY RAY AMAN-DRENY**: pejy 45

## MIORINA AMIN'NY INONA NY MAHA-IZY ANTSIKA?

Hafa kely ny fahanginan'ny tany efitra teto. Tsy re intsony ny kiririokan'ny mpifehy egiptianina. Tsy nisy intsony tompon'asa niantso mafy hoe: «Malaky!» Tsy nisy intsony nanisa ny biriky vita talohan'ny filentehan'ny masoandro. Sambany tao anatin'ny taranaka maro no tsy noterena hanaraka ny baikon'olon-kafa intsony ny Isiraely. Avy eo, nomen'Andriamanitra didy iray izay toy ny fanomezana voafono tsara tarehy tao anatin'ny fotoana izy ireo: «Mahatsiarova ny andro Sabata hanamasina azy.» - Eks.20:8.

Ny teny hoe mahatsiarova dia tsy momba ny fitandremana andro iray ao amin'ny tetiandro fotsiny, fa momba ny tsy fanadianoana hoe iza marina izy ireo. Ny maha-izy antsika dia ny fahamarinana momba antsika, mialoha ny hanaovantsika zavatra iray, na hihainoantsika zavatra iray, na hanaovantsika ranty iray, na alohan'ny hanaporofoantsika zavatra iray. An'Andriamanitra ny Isiraely satria Izy no namorona azy, namonjy azy, tia azy ary niantso azy ho zanany.

An'Andriamanitra koa isika. Azy isika alohan'ny hahatonga antsika ho lavorary, alohan'ny hahazoantsika herim-po, ary alohan'ny hahafantarantsika izay hitranga rahampitso. Ao anatin'ny miovaova sy tsy azo antoka, izay ahatsapan'ny olona fa miovaova, misafotofoto, be raharaha ary manjavozavo ny fiainana, dia manampy antsika handre indray ny feon'Andriamanitra ny Sabata. Milaza amintsika izy hoe: «Tsy andevon'ny efijery ianao, na ny hafatra maneno tsy an-kijanona, na ny fiezahana hanaporofo fa miavaka ianao. Zanako ianao.»

Ampianarin'ny Sabata antsika koa ny mametraka ny zavatra voalohany ho lohalaharana. Midika izany fa misafidy izay tena zava-dehibe isika ary manome azy ny toerana mendrika indrindra ao amin'ny androntsika. Saino ny vato lehibe sy ny fasika. Raha ny fasika no atao ao anaty siny aloha, dia tsy ho tafiditra intsony ny vato lehibe. Fa raha ny vato lehibe no apetraka mialoha, dia mameno

ny banga ny fasika. Andriamanitra, ny ankohonana, ny fiankohofana, ny fitsaharana ary ny fitiavana no vato lehibe. Tsy tokony hamoaka azy ireo amin'ny toerany ny efijery, ny lalao ary ny raharaha maro.

Ataovy ho toy ny bokotra famerenan'Andriamanitra ny fontsika amin'ny laoniny ny Sabata. Tsy mamafa ny maha-izy antsika izy, fa mamerina antsika amin'izay marina. Mifandray indray amin'Andriamanitra isika, mivavaka sy miankohoka Aminy, misitraka ny zavaboariny, miara-mifaly amin'ireo olona tiantsika, ary mankasitraka ny fifalian'ny fiainana eo ambany fiahiany.

Anio, miato isika satria ampy ho antsika Andriamanitra. Mitsahatra isika satria Azy, ary ny fitiavany no mihazona sy miaro antsika tsirairay.

**ANGATAHO**

**FOTOAM-BAVAKY NY MPIANAKAVY**

Esory lavitra ny fitaovana elektronika, mifampitantàna, ary mivavaha toy izao: «Andriamanitra ô, ampio izahay hitsahatra, hahatsiaro fa Anao izahay, ary hifandray indray amin'izay tena manan-danja. Amin'ny anaran'i Jesosy, amena.»

**SAINTSAINO**

| **Toy izao ny tontolo niainan'ny vahoaka vao avy nafahana:** | **Noho ny amin'ny teny fikasan'Andriamanitra momba ny Sabata, dia azontsika atao ny:** |
|---|---|
| **MIOVAOVA**: Tsy andevo intsony, mianatra ny atao hoe fahafahana. | **MIATRIKA**: Manampy antsika hiaina ao anatin'ny fahafahana Andriamanitra. |
| **TSY AZO ANTOKA**: tany an'efitra tsy misy na inona na inona ho an'ny andro, tsy azo antoka ny sakafo isan'andro. | **MAHAFANTATRA:** Mahatsiaro fa zanak'Andriamanitra isika. |
| **SAROTRA**: Fitsipika vaovao, fomba fiaina vaovao ho an'ny ankohonana. | **Manana TARI-DALANA**: Asehon'ny Sabata izay tena zava-dehibe. |
| **MANJAVOZAVO**: Mianatra miaina ao anatin'ny fahafahana marina. | **Manana TOKY**: Afaka mitsahatra ao amin'Andriamanitra isika. |

Tsy tao Egipta intsony ny Isiraelita, nefa mbola naniry hamerina ny andevony i Egipta. Ao anatin'ny tontolo miovaova sy tsy azo antoka, ny Sabata dia mampahatsiahy antsika fa zanak'Andriamanitra isika, fa tsy andevon'ny asa, na ny efijery, na ny tsindry samihafa — ary afaka mitsahatra ny zanak'Andriamanitra.

**IFANAKALOZY HEVITRA**

1 Vakio ny Eks. 20:8–11

2 Tsipiho ny teny hoe **“Mahatsiarova”**

3 Anontanio ny tenanao:

• Fialam-boly hafa fanampiny ve no atao hoe fitsaharana?

• Manampy ahy hanana fitsaharana ve ny efijery?

**NAHOANA?**

Manampy antsika hahatsiaro io tantara io fa natsangan’Andriamanitra ho zanany isika, fa tsy mpiasa kely sahiran-dava. **Manome toky aho fa hanampy ny ankohonako tsy hirotoroto, hametraka ny efijery eo amin’ny toerana sahaza azy, ary hisitraka ny fitsaharana amin’ny andro Sabata miaraka amin’Andriamanitra sy amin’ny hafa.**

**MANAPAHA HEVITRA**

**FAMPIASANA HO AN’NY MPIANAKAVY: Bokotra fampiatoana**



Mampiasà “télécommande” an’ny fahitalavitra ho toy ny “bokotra fampiatoana.” Apetraho eo afovoan’ny ankohonnaa izany. Hifandimby handray izany ny tsirairay ary hilaza zavatra iray atao amin’ny efijery izay tiany hatsahatra mandritra ny Sabata. Avy eo, misafidiana fampiasana milamina ho solon’izany: mandehana mitsangantsangana, mamakia tantara ao amin’ny Baiboly, manaova sary, milalaova, na mifampidiniha ianareo mianakavy. Anontanio: “Rehefa mangina ny efijery, azon’Andriamanitra ampahitana inona isika?” Mivavaha ary misaora an’Andriamanitra noho ny fitsaharana sy ny fiadanana ho anareo mianakavy anio.

FIANARANA FANAMPINY HO AN’NY RAY AMAN-DRENY:

# MIORINA AMIN’NY SABATA

## Ny foto-kevitra anio:

Fahafahana omen’ny Sabata

## Ny teny fikasana ho an’ny ankohonanao anio dia feno fiadanana sy fahafahana:

Ambaran’ny Sabata fa zanak’Andriamanitra isika, fa tsy andevo.

Ity hafatra ho an’ny ray aman-dreny ity dia manampy anao hahita ny Sabata ho fanomezam-pahafahana isan-kerinandro avy amin’Andriamanitra. Ao anatin’ny tontolo miovaova sy tsy azo antoka ary be tabataba, hianatra ianao fa ny fitsaharana dia mampahafantatra ny maha-izy antsika, mampangina ny tabataban’ny tontolo nomerika, ary manampy ny ankohonanao hahatsiaro indray fa: zanak’Andriamanitra isika, fa tsy milina.

## I. MIROSO HIHOATRA NY TAHOTRA AO ANATIN'NY TONTOLO MIOVAOVA

Izao no teny fikasana ho an'ny ankohonanao: Afaka mampianatra ny ankohonanao hiaina toy ny zanak'Andriamanitra ny Sabata, fa tsy tahaka ny olona izay tsy maintsy manaporofo mandrakariva fa misy vidiny izy. Ao anatin'ny tontolo izay miteny tsy an-kijanona hoe: "Manaova bebe kokoa, asehoy bebe kokoa, mamalia haingana kokoa, ary aza tapahina ny fifandraisana," dia hoy ny Sabata: "Mitsahara. An'Andriamanitra ianao."

Ho an'ny ray aman-dreny, mihoatra noho ny fiatoana fotsiny izany. Fomba iray hanavaozana ny fon'ny ankohonana izany. Ny efijery, ny fandaharam-potoana, ny fianarana, ny hafatra ary ny andraikitra dia mety hampianatra ny fianakaviana hahatsapa fa manan-danja izy rehefa misy zavatra vita, natao ranty, na nahazo fankasitrahana, na zavatra tratra. Ovan'ny Sabata izany fomba fisainana izany. Mampahatsiahy antsika izy fa ny hasarobidintsika dia tsy refesina zava-bitantsika, na ny sain'ny olona voasintontsika, na ny tehaka azontsika.

Tsy maintsy nianatra izany ny Isiraely rehefa nivoaka avy tany Egipta. Ny fahafahana dia tsy ny fialana amin'ny fahandevozana ihany; fa ny fianarana koa tsy hiaina amin'ny fisainan'ny andevo. Hoy Andriamanitra: *"Mahatsiarova ny andro Sabata hanamasina azy"* – Eks. 20:8, satria ny fitsaharana dia mampianatra ny maha-izy antsika.

**ANONTANIO NY TENANAO: MAMPIANATRA NY FIANAKAVIAKO VE AHO HIAINA TOY NY ZANAK'ANDRIAMANITRA AFAKA, SA TOY NY OLONA IZAY TSY MAINTSY MANAPOROFO MANDRAKARIVA NY TOMBAMBIDINY?**

## II. MANAMBARA NY FAHAMARINANA LALINA AO ANATIN'NY FOTOANA MAMPISALASALA

Vakio ny Eks. 20:8–11. Asio tsipika eo ambanin'ny teny hoe "mahatsiarova". Nomen'Andriamanitra ny Sabata mba tsy hanadinoan'ny vahoakany hoe iza izy ireo: zanaka afaka, fa tsy andevo izay tsy maintsy manao biriky mandrakariva mba hanaporofoana ny tombambidiny.

Mety hanadino koa ny ray aman-dreny. Mety hibitsika ny efijery hoe: "Mamoròna bebe kokoa. Manaova ranty bebe kokoa. Mamalia haingana kokoa. Tohizo ny fampisehoana fa manan-danja ianao." Vetivety dia ho voasolon'ny efijery bebe kokoa, horonan-tsary maro kokoa, ary fanehoan-kevitra betsaka kokoa ny fitsaharana, ka ho sahirana mandrakariva ny fontsika fa tsy ho afaka.

**ANONTANIO NY TENANAO: INONA NO MANAMPY AHY HAHATSIARO FA ZANAK'ANDRIAMANITRA AHO? MANAMPY NY ANKOHONAKO HITSAHATRA VE NY SABATA, SA MAHATONGA ANAY HO SAHIRANA HATRANY? AMPIANARIN'NY SABATA ISIKA HIATO TSY HO REVO AMIN'NY ASA FAMOKARANA, FA HIARAKA AMIN'ANDRIAMANITRA INDRAY.**

## III. TARI-DALANA TSY MIOVA NA SAROTRA AZA NY LALANA

Ny foto-kevitr'i Ellen White momba ny fanabeazana dia manampy antsika hahita fa ny Sabata dia mihoatra noho ny fitsipika tokony hotandremana fotsiny. Mpampianatra isan-kerinandro ny Sabata. Mampianatra ny fo izy tsy hanadino hoe iza Andriamanitra, iza isika, ary karazana tokantrano manao ahoana no aorintsika. Hoy i Ellen White: *"Samy naorina tao Edena avokoa na ny Sabata na ny tokantrano,"* ary nampiany koa fa natokan'Andriamanitra io andro io mba hahafahan'ny fianakaviana *"miray Aminy, amin'ny zavaboary, ary amin'ny samy izy."* – Fanabeazana kristianina, t. 284.

Aorian'ny henemana niasana, namaliana hafatra, nandaminana fandaharam-potoana, namahana olana, ary niezahana nanaraka ny zava-drehetra, dia miteny amim-pitoniana ny Sabata hoe: Mijanòna ary mahatsiarova. Tsy refesina amin'ny habetsahan'ny asa vitanao ny hasarobidinao. Tsy refesina amin'ny naoty, ny raharaha ao an-trano, ny talenta, ny ranty ataony, na ny fideran'ny hafa azy koa ny hasarobidin'ny zanakao. Zanak'Andriamanitra ianareo, mialoha ny hanaovanareo zavatra na ho an'iza na iza.

Izany no mahatonga ny fitandremana ny Sabata ho fomba fiaina, fa tsy andro iray ao amin'ny tetiandro fotsiny. Tafiditra ao anatin'izany ny fiankohofana, ny fitsaharana, ny fifandraisan'ny mpianakavy, ny fanompoana amim-pifaliana, ny fotoana eny anivon'ny zavaboary, ny fiaraha-misakafo, ny fifampiresahana tsy mirotoroto, ary ny fialana amin'ny tabataba izay mampiasa tsy an-kijanona ny saina. Mamorona toerana azo antoka izany, izay tsy misy finday mitarika ny fianakaviana, tsy manelingelina ny fifankatiavana ny fampandrenesana isan-karazany, ary tsy mifehy ny toe-po ao an-tokantrano ny efijery.

Ho an'ny Isiraely dia lesona momba ny fahafahana ny Sabata. Tsy andevo tany Egipta intsony izy ireo. Ankehitriny, ny Sabata dia mampianatra fahafahana mitovy amin'izany koa. Tsy andevon'ny algôritma isika. Tsy andevon'ny "tsy maintsy azo antsoina amin'ny fotoana rehetra" isika. Tsy andevon'ny "tsy maintsy mamokatra bebe kokoa" isika. Ny fanasiana fetra dia tsy rindrina mamandrika antsika, fa varavarana misokatra ho amin'ny fiadanana.

Mampahatsiahy ny ankohonana ny Sabata fa ampy Andriamanitra, akaiky ny fitiavana, ary ny fitsaharana dia fankatoavana.

**TSY FISARAHANA AMIN'NY FIAINANA TSY AKORY NY FITSAHARANA, FA FIFANDRAISANA INDRAY AMIN'ANDRIAMANITRA, AMIN'NY FIAKAVIANA, ARY AMIN'IZAY TENA MANAN-DANJA.**

## IV. TOKY MAFY ORINA EO ANIVON'NY FISALASALANA

Alohan'ny fanombohan'ny Sabata, andramo ity DRAFITRA VAOVAON'NY SABATA ity. Ry ray aman-dreny, miaraha manapa-kevitra momba izay hatsahatry ny ankohonanareo mandritra ny 24 ora: tsy misy tambajotra sosialy, tsy misy horonan-tsary fohy ("reel"), tsy misy lalao video mahery vaika, ary ny fitaovana nomerika dia ampiasaina amin'ny fifandraisana tena ilaina ihany. Hazavao amin-kalemem-panahy amin'ny ankizy izany: tsy sazy izao; fanazarana antsika ho amin'ny fahafahana.

Avy eo, manomàna fotoana fiaraha-mifaly tsotra hameno ny fahanginana: mandehana mitsangantsangana eny anivon'ny zavaboary, mamakia boky amim-pitoniana, mifampiresaha tsara, manaova lalao an-databatra, na manaova fotoam-pivavahana mahafinaritra. Mariho fa mety hahatsapa tsy fahatoniana amin'ny voalohany, tsy mampatahotra izany. Mety hitady tabataba ny saina amin'ny voalohany, nefa ny Sabata dia mampianatra ny fo hiaina amim-pitoniana, hihaino, ary hatoky indray.

**APETRAHO NY FANONTANIANA: INONA NO NIOVA TAO AN-TSAINTSIKA, ARY INONA NO HITANTSIKA REHEFA NANGINA NY EFIJERY?**

## MIORINA AO AMIN'NY SABATA

Mampianatra antsika hitsahatra ny Sabata, tsy hitady ny tabataba intsony, ary hatoky an'Andriamanitra. Ao anatin'ny tontolo miovaova sy tsy azo antoka, ny fitsaharana dia mampahatsiahy antsika fa: tsy andevon'ny efijery isika — fa zanaka malalan'Andriamanitra.

Natontan'ny Trano Pirinty Advantista Soamanandrariny Antananarivo
Tel. 037 23 107 18 - 037 37 107 25 - 034 86 606 99
e.mail <impriad@mea.adventist.mg>

Voatolotra ara-dalàna: 902-D/08.26
Ny natonta: 7595 isa